



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-247

TATITRA NY ASA VITAN'NY:

- PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA
- MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA
- MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA
- SEKRETERAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA
AO AMIN'NY MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA

Fivoriana faha-8
Natao ny
Alarobia 24 Mey 2023
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- RABENIRINA Maminiana Solondraibe

FOTOANA: Alarobia 24 Mey 2023, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Tatitry ny asa vitan'ny:

- Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta,
- Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena,
- Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka,
- Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena ao amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena

Nitohy ny Alarobia 24 Mey 2023, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RABENIRINA Maminiana Solondraibe.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta ny fitenenana, mba hanaovany ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataony:

Andriamatoa Filoha Lefitra;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra, mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara;

Isika rehetra manatrika etoana;

Tompokolahy sy Tompokovavy

Ho fanajana ny voarakitry ny Lalàmpanorenana ao amin'ny Andininy faha-101, tonga etoana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tarihiko, hanao ny tatitry ny asa vitan'ny fahefana Mpanatanteraka.

Koa miarahaba antsika rehetra manatrika izao fotoana izao.

Efa-taona lasa tokoa izay, tamin'ny faha-16 Aogositra 2019 dia natolotra antsika ny drafitra entina manatanteraka ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana (PGE).

Volana vitsy monja taorian'ny fanolorana izany (ny volana Martsa 2020) dia tsy maintsy niatrika ny valan'aretina "Covid-19" isika izay nisy fiantraikany maro tamin'ny fiainana andavan'andron'ny mponina tahaka ny firenena rehetra maneran-tany satria tsy nisy afaka naminavina ny mety haharetan'ny ady tamin'iny valan'aretina iny. Nanampy trotraka izany ny takaitra nentin'ny fiovaovan'ny toetr'andro, toy ny rivo-doza, ny hain-tany sy ny kere tany Atsimo ary ny ady misy amin'i "Russie" sy "Ukraine" taty aoriana kely, nanomboka ny volana Febroary 2022.

Niatrika ireo loza rehetra ireo ny fanjakana ary ny ampahany betsaka tamin'ny tetibolam-panjakana natokana ho an'ny asa fampandrosoana no nampiasaina hiatrehana izany. Ny lalan-tsaina nentina nandrafitra ny ezaka rehetra nataon'ny fitondram-panjakana dia ny fiatrehana ny hamehana, ny fanampiana maro samihafa mikasika ny sosialim-bahoaka, ny fanarenana ny seha-pihariana ary ny asa fampandrosoana.

Nataon'ny fitondram-panjakana laharam-pahamehana hatrany ny fitsinjovana ny aim-bahoaka. Niezaka ihany koa ihany koa isika nametraka ireo fanavaozana ara-drafitra ilaina amin'ny sehatra rehetra heverina fa takian'ny fampivoarana ny firenena (réformes). Maro tokoa mantsy ireo fehezan-dalàna efa nilaozan'ny toetr'andro ka zary lasa sakana ho an'ny ezaka ho amin'ny fampandrosoana ny firenena.

Notsinjaraina ho teboka enina (6) lehibe izao tatitra izao.

- I) Ny lafiny fitantanana
- II) Ny lafiny fanarenana
- III) Ny lafiny vidim-piainana
- IV) Ny fampandrosoana ara-toekarena
- V) Ny filaminana sy fandriampahalemana
- VI) Ny fampandrosoana eo amin'ny lafiny sosialy.

I Lafiny Fitantanana

1-1 Mikasika ny fifidianana

Ao anatin'ny fanomanana tanteraka ny fifidianana ho Filohampirenena isika izay hotanterahana amin'ity taona 2023 ity.

Dingana maro no efa vita ary anisan'ny nisongadina tamin'izany ny fakan-kevitra niantsoan'ny CENI ireo ankolafin-kery rehetra tamin'ny volana Martsa 2023 teo.

Etsy andaniny, ny fanavaozana isaky ny folo taona ny lisi-pifidianana izay efa nanomboka tamin'ny volana Oktobra 2022 izay ho tapitra ny 31 Mey 2023 ho avy izao ary henontsika eny amin'ny haino aman-jery ny fanentanana ny olom-pirenena tsirairay hanamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana.

Etsy ankilany, mba hahafahan'ny olom-pirenena tsirairay misitraka ny zony hifidy dia nisy "opération carte d'Indentité Nationale" sy "opération" didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana izay nifarimbonan'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ary ny Minisiteran'ny Fitsarana.

1.2 Mangarahara sy tamberin'andraikitra eo amin'ny fitatanam-bolam-panjakana

Nohamafisina hatrany ny toe-tsaina manaja ny tamberin'andraikitra. Eo amin'ny lafiny fangaraharana, mitohy ny fiarahana mamolavola ny tetibolam-panjakana ka andraisan'ny Faritra anjara mba hahazoana mandray ireo tena laharam-pahamehana ho azy ireny amin'ny fampiasam-bolam-panjakana. Voapetraka ny rindram-baiko eo anivon'ny sampandraharaha foibe, ka ahafahana mamahana ireo antontan-kevitra ilaina ho fandrafetana izany tetibola izany.

Natonta ireo boky kely miisa ho dimy alina (50 000) "Budget des citoyens" izay mirakitra ny fandanim-bola nataon'ny fanjakana ary naparitaka amin'ireo Faritra 23 mba hahafahan'ny olom-pirenena manara-maso izany. Misy ihany koa ny tranokalan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hahafahana manaraka izany.

Efa naparitaka eny anivon'ny Faritra miisa 11 ankehitriny ny rindram-baiko "e-Hetraphone" mba hahafahana manamora ny fandoavan-ketra ho an'ny olom-pirenena. Efa mipetraka ihany koa ny rindram-baiko mikasika ny fanaraha-maso ny famerenana ireo vola vahiny azo tamin'ny fanondranana tany ivelany ireo vokatra avy eto an-toerana.

Eo ampametrahana ny SIGVAM na ny rindram-baiko fitantanana ireo fiarakodiam-panjakana ihany koa isika izay manohy ny fampiasana ny takelaka mena na "plaque rouge". Efa miasa eo anivon'ny tahirim-bolam-panjakana ny fitantanana ny solika ampiasain'ireo fiaram-panjakana.

Ao anatin'ny ezaka fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjakana daholo izany rehetra izany ary mifantoka amin'ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra mba hisian'ny mangarahara hatrany.

1.3 Mikasika ny Fitsinjaram-pahefana

Efa miroso tanteraka mankany amin'ny fitsinjaram-pahefana tena izy ny firenena. Dingana nolalovana tamin'izany ny fametrahana ny Lalàna laharana faha-2021-011 tamin'ny 18 Aogositra 2021 momba ny "Lettre de Politique de Décentralisation Emergente" na ny Politikam-pirenena momba ny Fitsinjaram-pahefana Miabo. Ny fandrefetana ny Drafipirenena momba ny Fitsinjaram-pahefana Miabo (Plan National de la Décentralisation Emergente-PNDE) dia efa nandalo ny fakan-kevitra ny mpisehatra rehetra teny ifotony. Tsy ho ela intsony dia hotanterahina ny atrikasa nasionaly handiniana ny Volavolan-drijan-teny momba ny PNDE.

Anisan'ny laharam-pahamehana ny fanatsarana ny fitantanana ny firaketana ny sora-piankohonana. Anisan'izany ny fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana mikasika ny didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana ka 518.004 no nahazo an'izany ary ny famoahana karapanondrom-pirenena dia 1 474 917 no efa nisitraka an'izany.

Etsy andanin'izany, mbola nitohy hatrany ny famantsiam-bola ho an'ny Faritra mba hanatanterahana ny fotodrafitrasa mitentina 2 Miliara Ariary isan-taona ho an'ny Faritra tsirairay. Mitohy ihany koa ny fanampiana ara-bola ho fampandehanan-draharaha, ka nakarina ho 420 Tapitrisa Ariary isaky ny Faritra izany tamin'ny taona 2022. Izany hoe, nampitomboina avo roa heny raha oharina tamin'ny teo aloha.

Tsiahivina fa nisy fitaovana sy milina momba ny asa vaventy nomena ireo Faritra 23.

Mbola mitohy ihany koa ny famatsiam-bola isaky ny Distrika amin'ny alàlan'ny CIAD. Tsihivina etoana fa 250 000 000 Ariary isaky ny Solombavambahoaka ny Tetibola natokana ho an'izany.

Torak'izany koa ny fanampiana ara-bola sy fanohanana ara-tekhnika mahakasika ireo Kaominina miisa 1695 izay mitentina 30 000 000 Ariary.

Mikasika ny tambin-karaman'ny Sefom-pokontany, efa tapaka ary efa ao anatin'ny LFI 2023 ny fampiakarana azy ho 60 000 Ariary ho an'ireo Sefo fokontany ary 20 000 Ariary ho an'ny lefiny.

Mba hanatsarana hatrany ny hasin'ny Fanjakana eo anivon'ny vahoaka dia mbola mitohy ny fananganana na ny fanavaozana ny fotodrafitrasa, anisan'izany ny fananganana sampana isam-paritrany BNGRC miisa roa, ao Toamasina I sy Mahajanga.

Misy ny fanarenana, fanitarana ary fanamboarana ny biraon'ny Kaominina sy ny biraon'ny "Préfets" ary fananganana fotodrafitrasa maro tamin'ny alàlan'ny famatsiam-bola avy amin'ny FDL.

1.4 Eo amin'ny lafiny Asa sy Lalàna Sosialy ary ny Asam-panjakana.

Ho fanamafisana ny fanjakana manakaiky vahoaka sy fanomezan-danja ireo mpiasa misehatra amin'ny faritra na miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana dia natao ny asa fanorenana trano fiasana vaovao miisa 15 ho an'ny fitaleavam-paritra. Efa vita tanteraka ny any amin'ny renivohi-paritra miisa 10 amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny Asa sy Lalàna Sosialy, eo am-pamaranana ny fanavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny asa isika ankehitriny (code du travail) mba ho fanomezan-danja hatrany ny lalantsaina mifototra amin'ny asa mendrika.

Momba ny asam-panjakana kosa, vita ny fanehoana ofisialy am-pahibemaso (AUGURE Compte agents) ary narahina fampiofanana ireo Tale misahana ny maha olona na ny DRH ny Minisitery sy ny Andrimpanjakana isan-tokony amin'ny fampiharana azy.

1.5 Mikasika ny fitantanana ny fananan-tany

Miaina amin'ny tontolon'ny famokarana eny ambanivohitra ny 80%-n'ny Malagasy. Maro amin'izy ireo no mbola tsy misitraka ny zo fototra mikasika izany, noho ny tsy fananany ny antontan-taratasy manamarina ny maha tompon-tany azy.

Natao arak'izany ny hetsika "Fizarana karatany Faobe", ka karatany miisa 2 000 000 no heverina hozaraina hatramin'ny faran'ity taona 2023 ity; satria mila misitraka feno ny taniny avokoa ny vahoaka Malagasy, indrindra ny tantsaha mpamboly araka ny nambaran'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohan'ny Repoblika. Nasiana fanovàna arak'izany ny rijan-teny mifehy ny tanin'ny olon-tsotra tsy vita "titre" hanamorana izany fisitrahana izany.

Notanterahina manerana ny Faritra ihany koa ny Herinandron'ny Karatany ho an'ny Malagasy izay iarahana misalahy amin'ny tomponandraikitra maro isam-paritra (Minisitry, Governora, Lehiben'ny Distrika, Ben'ny Tanàna).

Mifanindry ara-dalàna amin'ny hetsika faobe ihany koa ny Hetsika "Titre" Faobe. "Titre" fananan-tany miisa 50 000 no heverina hotsinjaraina mandritra izany hetsika izany, ka tomponandraikitra ny "Domaine" sy ny "Topo" maro no efa miparitaka manerana ny nosy ankehitriny manatanteraka ireo hetsika ireo.

Hapetraka ny Birao Ifoton'ny Fananan-tany (BIF) sy ny rafitra ifotony isitrahana ny tany ifotony (PLOF) azo itokisana. Miisa 298 ny PLOF nohavaozina sy nekena nandritra ny taona 2022 ka hatramin'izao.

Anisan'ireo asa notontosain'ny Fanjakana tamin'ny alàlan'ny Foibe Taon-tsaritanin'i Madagasikara (FTM) ihany koa ny fandrakofana ny firenena Malagasy tamin'ny sary an'habakabaka avo lenta amin'ny "orthoimages" azo avy amin'ny zanabolana mazava tsara. Vita izany asa izany ankehitriny ho an'ny Faritra 23 raha tamin'ny taona 1949 no nanantotosana izany farany.

1.6 Mahakasika ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary

Ho fanatanterahana ny velirano faha-10 "Fitantanana maharitra ny harena voajanahary" sy ny vina Madagasikara rakotra ala dia natao laharam-pahamehana ny fandrakofana ala an'i Madagasikara tamin'ny alàlan'ny fambolena-kazo sy fitantanana maharitra ny faritra arovana. Arak'izany dia 280 000 Ha no velaran-tany voavoly ary maherin'ny 205 tapitrisa ny zana-kazo voavoly. Ao anatin'ny paikady amin'izany ny fametrahana faritra famokarana zana-kazo goavana, ka miisa 6 no voapetraka tamin'ny taona 2022 ary hitohy ny ezaka ho an'ny Faritra 17 mbola tsy manana izany.

Mampiasa teknolojia avo lenta (drone) isika ankehitriny amin'ny fambolena-kazo. Manana fahafahana mamafy voankazo eo amin'ny 0,5Ha isaky ny 30 minitra ny "drone" iray ary velaran-tany 25Ha no voavoly tamin'io fotoana io ary voatombana ho 90% ny tahampanirin'ireo voankazo nafafy tamin'izany.

Fanamby lehibe hotanterahina manomboka amin'ity taona 2023 ity ihany koa ny fametrahana ny "Ceinture Verte" any atsimon'ny nosy amin'ny alàlan'ny tetikasa MIONJO. Asa lehibe hatao amin'izany ny fiarovana ny dongom-pasika tsy hihetsika izay manimba sy mandrakotra ny faritra fambolena sy fiompiana ary toeram-ponenana izay mirefy 3 000Ha. Ny fametrahana rindrina maitso ho fiarovana ny tontolo iainana amin'ny fitsofan'ny rivotra ka ny fambolena hazo ilaina amin'ny fiainana andavan'andro, ny fanarenana ny faritra manodidina, ny loharano, ny fametrahana toeram-pamokarana maharitra ary vonjimaika no hetsika entina manao izany.

Ho fiarovana ny ala voavoly sy ny faritra arovana dia natao anisan'ny laharam-pahamehana ihany koa ny ady atao amin'ny doron-tanety izay manimba ny nofon-tany; manapotika ny ala sy ny harena voajanahary. Nametraka ny ivon-toerana fikirakirana sy fanaraha-maso ny antontan'isa mikasika ny afo sy ny mety ho toetry ny afo ny komity miaro ny afo eny anivon'ny Fokontany izay miisa 405 ny fitondram-panjakana. Izany dia niarahana niasa tamin'ny BNGRC sy ireo hery velona rehetra eny ifotony.

Amin'ny maha nosy azy, i Madagasikara dia marefo eo anatrehan'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Anisan'ny asa natao ny fanorenana fotodrafitrasa entina hiarovana ny morontsiraka eto amintsika. Mahatratra 500 metatra no halavan'ny digy ho fiarovana ny morontsiraka naorina tao Toamasina. Efa vita ihany koa ny asa fametrahana digy fiarovana tany amin'ny Faritra Fitovinany.

2 - Ny lafiny fanarenana

2 1- Asa fanarenana vonjy taitra

Ankoatra ny valan'aretina «Covid-19», maro ireo sedra tsy maintsy natrehana, toy ny kere, ny loza voajanahary nifanesy. Nanomboka ny taona 2020 ka hatramin'izao dia rivodoza maro no nifanesy teto Madagasikara ary nampitondra takaitra Faritra maro. Izany dia nitarika famoizan'aina sy fahasimbana fotodrafitrasa maro (làlana, tetezana, birao, sekoly, trano fonenana...) ary voly.

Ho fanamaivanana ny fahasahiranana maro samihafa niainan'ny vahoaka dia tokantrano miisa 260 000 eo ho eo no niaran'ny tsy fanjarian-tsakafo tany amin'ny Faritra Atsimon'ny Nosy no nomena fanamafisana ny sandantohitr'izy ireo. Zaza miisa 1 650 000 eo ho eo ihany koa no nisitraka sakafo be otrik'aina tamin'ny Faritra 10 teto amintsika.

Teo ihany koa ny fanampiana ireo tokantrano miisa 1 172 000 tamin'ny alàlan'ireo fandaharan'asa Ankohonana miatrika, Ankohonana miarina, Asa Avotra, Toseke Vonje Aigne ary Tosika Fameno.

Voasahana manokana koa ireo tanora teo amin'ny lafiny fampananan'asa. Mpiasa miisa 2 155 izy ireo ary avy tamin'ny Faritra maro no nisitraka ny «caravane d'orientation professionnelle» sy ny «pôle stage». Natao koa ny fampiofanana sy fampitaovana ireo vehivavy reny mananotena manana tetikasa mba hanangana asa mahavelona azy ireo.

Maro ireo làlana nokahon'ny riaka, ny tetezana nila fanarenana haingana. Efa natomboka ny asa fanarenana ary misy ny efa vita tanteraka kanefa misy koa mbola eo an-dalam-panarenana amin'izao fotoana izao.

2-2 Madagasikara manoloana ny adin'i "Russie" sy "Ukraine"

Tsy niova ny hevitra ny firenena Malagasy manoloana ny ady misy eo amin'i "Russie" sy "Ukraine", ka araka ny soatoavina diplomatika hatrizay dia nisafidy hatrany isika ny famahana olana ao anaty filaminana sy tsy fiandaniana ary mitsipaka hatrany kosa izay endrika fibodoana ny faritry ny tanin'ny firenena anankiray.

Niteraka fisondrotry ny vidim-piainana izany rehetra izany, indrindra mikasika ny sakafo ilaina andavan'andro, toy ny vary, ny menaka, ny lafarina ary nanampy trotraka indray koa ny fikorosin'ny toekarena eran-tany.

3- Lafiny Vidim-piainana

Tsy nataon'ny fanjakana ambanin-javatra ny famahana ny olana isan-karazany natrehin'ny vahoaka izay nateraky ny krizy iraisam-pirenena, indrindra teo amin'ny lafiny vidim-piainana.

3-1 Mifandray amin'ny krizy vokatry ny ady eo amin'ny "Russie" sy "Ukraine" ny fiakaran'ny vidim-piainana

Tao anatin'ny herin-taona lasa izay, tsy nidina ambanin'ny 70 USD ny vidin'ny solika "baril brent" iray eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Noho izany, tsy maintsy niroso tamin'ny fampiakarana ny vidin-tsolika isika tamin'ny volana Jolay 2022 ary niezaka nitazona izany ny fitondram-panjakana ho fitsinjovana ny vahoaka.

Raha novinavinaina ho 9,2% ny tahan'ny fiakaran'ny vidim-piainana dia tafakatra hatrany amin'ny 10,8% izany tamin'ny faran'ny taona 2022; na eo aza izany rehetra izany, niezaka ho marolafy ho fanarenana ny toekarena izay nirosoan'ny fanjakana dia nahafahana naminavina tahan'ny harin-karena faobe 2023 eo amin'ny 4,9% arak'izay efa napetraka tao anatin'ny LFI 2023.

3-2 Mifandray ihany koa amin'ny "Covid-19"

Isan'ireo firenena manana paikady nazava sy nahomby isika nandritra ny fiatrehana ny valan'aretina "Covid-19". Teo ny fametrahana ny fandraisana an-tànana sy fitsaboana maimaim-poana teny anivon'ireo hopitaly rehetra manerana ny Nosy, ny CTC, Ny "Hôtels Hôpitaux", ny fizarana fanafody faobe manerana ny Nosy, ny fanafarana ireo fitaovana marobe nentina niatrehana ny ady.

Araka ny fanambarana nataon'ny OMS ny faha-5 Mey lasa teo, efa tsy tafiditra ao anatin'ny valan'aretina mitaky hamehana ara-pahasalamana maneran-tany intsony ny "Covid-19". Saingy mbola miaina ny voka-dratsy naterak'izany isika hatramin'izao. Ezaka marolafy no nentina namahana izany rehetra izany na ny fohy na ny lavitr'ezaka.

Mitohy araka izany ny fanamorana ireo tolotra ara-pahasalamana araka ny vinan'ny Filohampirenena dia ny hoe: fitsaboana manakaiky vahoaka. Napetraka ny Tetikasa Vonjy Aina izay fandraisana an-tànana maimaim-poana ny fitsaboana voalohany eny anivon'ireo hopitalim-panjakana maro manerana ny Nosy.

Mitohy ny fizaham-pahasalamana sy fanentanana ara-pahasalamana mitety vohitra amin'ny alàlan'ny "caravane médicale" eny anivon'ny Faritra maro.

3-3 Tetikasa fanohanana hiatrehana ny fiainana andavan'andro

Nametraka tanjona ny fitondram-panjakana tamin'ny alàlan'ny fiahiana ara-tsosialy mba hampitombo ny fahafahan'ireo tokantrano tena sahirana miroso amin'ny fanatsarana ny fari-piainana sy fahavitan-tena. Tokantrano maherin'ny iray tapitrisa no nisitraka Haraton'aina fiahiana mpiara-belona.

Raha jerena ny fitambaran'ireo asa vita, Distrika maro no efa nisitraka ireo tohana samihafa, toy ny Asa Avotra Mirindra, Vatsin'Ankohonana, Zara Mira, Haraton'aina fiahiana mpiara-belona.

Hatomboka amin'ny volana Jona ho avy izao ny tetikasa Ankohonana Miatrika entina mamaly ny dona ara-toekarena. Tetikasa mitentina 50 Tapitrisa USD no entina hanamafy ny fahafahan'ireo ankohonana marefo miatrika izany. Ankohonana miisa 623 000 manerana ny Distrika rehetra eto Madagasikara no hisitraka izany.

Hatomboka amin'ity taona ity koa ny tetikasa vaovao. Haraton'aina ho an'ny sandatohitra, ka famatsiam-bola mitentina 250 Tapitrisa USD no hanatanterahana izany tetikasa izany. Ny Faritra 23 manerana ny Nosy no hisitraka izany eto Madagasikara izay haharitra 4 taona no faharetany.

4- Fampandrosoana ara-toekarena

4.1 Eo amin'ny lafiny hetra sy ny haba

Noho ny toe-java-misy eto an-toerana sy maneran-tany dia miezaka hatrany ny fitondram-panjakana mifanakalo hevitra sy miara-miasa tsy tapaka amin'ny sehatra tsy miankina ary mandray an-tànana ireo haba isan-karazany amin'ireo entana fanampiana nafarana mahakasika ny lafiny sosialy nataon'ireo fikambanana maro. Ho an'ny sehatra vitsivitsy, toy ny fizahan-tany sy ny harena an-kibon'ny tany ohatra dia nisy fijerena manokana ny fanamaivanana ny lafiny ara-ketra, na teo aza ireo fanalefahana rehetra ireo dia tafakatra hatrany amin'ny 94%-n'ny vinavina no tafiditra tamin'ny kitapom-bolam-panjakana mikasika ny hetra anatin'ny 102% kosa ho an'ny haban-tseranana ny taona 2022. Mizotra mankany amin'ny fanarenana ny firenena isika ankehitriny ary efa miverina tsikelikely amin'ny tokony ho izy ny fitantanana ny toekarena, indrindra amin'ny lafiny hetra.

4.2 Fampivoarana ny sehatry ny fitaterana

Ny fitaterana no miantoka ny fahafahan'ny vahoaka mifamezivezy manerana ny Nosy na mankany ivelany ihany koa. Toa izany koa, mikasika ireo entana na izay afarana izany na ireo aondrana.

Manao ezaka manokana isika amin'ny hamerana haingana ny fitaterana an'habakabaka taorian'ny krizy nateraky ny valan'aretina "Covid-19". Raha tsiahivina, tamin'ny volana Martsa 2022 no nanapakevitra ny fitondram-panjakana hanokatra ny sisin-tany. Zotra an'habakabaka miisa 11 no tafaverina soa aman-tsara hatramin'izao raha 9 izany tamin'ny taon-dasa.

Nekena ny fampidirana ny seranam-piaramanidin'i Toliara ho ao anaty lisitry ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena ny faha-12 Aprily 2023. Miroso isika izao amin'ny asa fiarovana ny faritry ny seranam-piaramanidina ao Nosy Be sy Toliara. Nohatsaraina ny asa fitantanana ny "Madagasacar Airlines" (Fanamarihana fahazoan-dàlana eo amin'ny fitaterana an'habakabaka ny faha-17 Aprily 2023).

Betsaka ny ezaka marolafy vitantsika ao amin'ny lafiny fitaterana ary toy izao no azo asongadina manokana:

- Famolavolana ny Politika sy Paikady Nasionaly momba ny aro lozan'ny fifamoivozana miaraka amin'ny Drafy-panatanterahana 2023-2029 ary ny fanarenana sy famerenana ny tobim-pandanjana amin'ny lalam-pirenena RN2 sy RN7.
- Tetikasa Fitaterana an-dalamby eto Antananarivo Renivohitra, ka manatanteraka ny asa isika na eo amin'ny fanajariana ny lalamby sy ny manodidina azy na eo amin'ny fividianana ireo fiaran-dalamby na ny fanamboarana ireo gara.
- Fanarenana miandalana ny garan-dalamby FCE miisa 13 ary ny fiverenan'ny zotra FCE tanteraka amin'ny volana Jolay/Aogositra amin'ity taona ity.
- Fiverenan'ny zotra an-dalamby fitaterana olona avy ao Moramanga mankany Toamasina.

- Eo amin'ny sehatra fitaterana an-dranomasina sy renirano; fanokafana ireo faritra tsentsina eo amin'ny lakandranon'i Pangalana (Toamasina-Mananjary).
- Fanohizana ny asa fanatsarana ny seran-tsambon'i Toamasina.
- Fanavaozana ny seranan-tsambo maromaro, toy ny an'i Mananjary, Katsepy, Besalampy ary Vohemar.
- Fametrahana fitaovana fitiliana ny toetr'andro maoderina miisa 16 eny anivon'ny Distrika.
- Fametrahana fitaovana fitiliana toetr'andro amin'ny seranam-piaramanidina miisa 4, toy ny ao Antsiranana, Nosy Be, Sainte-Marie ary Toliara.

4.3 Fanarenana ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany

Nametraka fanavaozana maromaro ny fitondram-panjakana eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'tany. Isan'izany ny fanovàna napetraka momba ny Fehezandalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany (code minier) izay efa nandalo teto anivon'ny Antimierampirenena ny faha-12 Mey lasa teo.

Noraisain'ny fitondram-panjakana ny fepetra mahakasika ny fitantanana ny volamena manomboka hatrany amin'ny fitrandrahana ka hatrany amin'ny fanondranana ary ny fampodiana ireo vola vahiny.

Napetraka arak'izany ireo fepetra mifanaraka amin'izany, toy ny (i) Fifanentanana ireo mpandraharaha tena matotra sy mari-pototra, (ii) Fametrahana ny fitrandrahana manarapenitra izay mitondra any amin'ny fitrandrahana madio, manaja ny zo fototra mahaolona ary ny tontolo iainana, (iii) natao koa ny fanarahana akaiky ny fampodiana vola vahiny amin'ny alàlan'ny fifehezana ny SIG-OC.

Mahakasika ny faritra tantsoroka na ny “zones d'encadrement” dia miisa 150 izy ireo hatramin'ny 31 Martsa 2023, izay mampiasa mpitrandraka madinika miisa 5781 mivantana eo amin'ny Faritra misy azy, miampy 200 000 asa miforona manodidina. Tao anatin'ny 7 volana izao ireo fiforonan'asa ireo dia hita fa manampy betsaka amin'ny fandriampahalemana.

Ao anatin'ny fametrahana ny fitrandrahana ifotony, ny fanaraha-maso akaiky ny famokarana sy ny fanondranana ary fampitomboam-bidy ireo harena an-kibon'ny tany dia naorina ny Biraon'ny Fitantananam-draharaham-panjakana mikasika ny harena an-kibon'ny tany BAM na “Bureau d'Administration Minière” miisa 10 manerana ny Nosy.

Farany, eo an-dalam-pandinihana ireo taratasy fangatahana fahazoan-dàlana hitrandraka harena an-kibon'ny tany ny fanjakana amin'izao fotoana izao, ka misy vaomiera manokana misahana izany fandinihana izany.

4.4 Sehatry ny fampiroboana ny indostria sy ny varotra

Natao ho vaindohan-draharaha ny fikarakarana sy fanandratana avo ny seha-pihariana rehetra misy eto amintsika ary notohizana ny fanatsarana ny làlam-pihariana mba hisitrika ny tombontsoa avy amin'izany ny mpisehatra rehetra manomboka any amin'ny tantsaha ka hatrany amin'ny mpanondrana.

Hitondra vokatsoa ho an'ny firenena ihany koa ny vola vahiny ampidirina amin'ny fanondranana.

Isan'ireo firenena manana kalitaom-bokatra ambony isika eto Madagasikara, toy ny “cacao” antsoina hoe “label cacao fin 100%”. Ao anatin'ny ezaka fampiroboroboana ny famokarana sy fanondranana “cacao” dia zanakazo “cacao” miisa 25 000 no nozaraina ho an'ireo tantsaha tany Ambanja. Handray ny fivoriambe iraisam-pirenena “label cacao fin” isika amin'ny volana Jona izao. Firenena miisa 20 farafahakeliny izay mpisehatra amin'ny “cacao” no ho avy eto amintsika.

Betsaka koa ny ezaka natao tao anatin'ny fampiroboroboana ny fanondranana ao anatin'ny AGOA ary mbola niadiantsika ny hanitarana izany AGOA izany. Mahazo tombony amin'ny AGOA isika raha tsy hilaza afa-tsy ny eo amin'ny lafiny sosialy fotsiny satria manome asa Malagasy miisa 80 000 izy.

Nifantohana be kokoa ny fanadiovana sy fanavaozana ny seha-pihariana momba ireo vokatra fanondranana any ivelany, ka nalamina hatrany ifotony any amin'ny kalitao ka hatrany amin'ny mpividy iraisam-pirenena. Ny tanjontsika dia tsy ho voambaka ny tantsaha, hahazo tombony ny mpisehatra rehetra ary hiditra ny vola vahiny.

Niarahana nahita fa nisedra olana ny seha-pihariana lavanila. Nanao ny ezaka rehetra hiarovana ny lavanila malagasy sy ny mpisehatra, indrindra fa ireo tantsaha mpamokatra, ny fitondram-panjakana. Ny fivoriana maro natao tany Antalaha sy Sambava na taty Antananarivo dia namela malalaka ireo mpandraharaha mpisehatra hiady hevitra sy hifandresy lahatra amin'izay fomba hiatrehana ny krizy, ka ireto avy ny fanavaozana nentina namahana ny olana misy:

- ny fanafoanana ny fitsirihana fanampiny eto Antananarivo sy fampitomboana ireo mpanara-maso any amin'ny Faritra.
- ny fametrahana ny rafitra afaka manamora ny famoahana ny fanomezan-dàlana ao anatin'ny 48 ora.
- ny fanalalahana tanteraka ny fandraharahana eo amin'ny seha-pihariana lavanila sy fametrahana ny fepetra mifandraika amin'izany ho an'ny fampandrosoana maharitra.
- ny famaritana ny fiaraha-miasan'ny fanjakana amin'ny toeram-pitiliana ao amin'ny Distrikan'i Sambava.
- ny tsy maintsy hiarovana manokana ireo tantsaha mpamokatra, fa indrindra eo amin'ny vidin'ny lavanila maitso.
- ny fijerena ireo mpandrahareaha matotra amin'ny asa ataony amin'ny famerenana ny vola vahiny ary ny fandoavan-ketra milohan'ny fahazoany alàlana hanondrana any ivelany.

Iarahana manaiky fa fanoitra lehibe ho amin'ny fampandrosoana ara-toekaren'i Madagasikara ny indostria. Tanjona ny hampakarana 15 ka hatramin'ny 25% ny anjara birikin'ny indostria ao amin'ny harin-karena faobe na ny PIB nasionaly mandrapahatongan'ny taona 2028. Ho fanatanterahana izany, nitodika tamin'ireo mpandraharaha teto an-toerana ny fitondram-panjakana tamin'ny alàlan'ny “forum national des investissements pour l'émergence de Madagascar” teny amin'ny CCI Ivato ny volana Oktobra 2022.

Mba hanamafisana ny fifampitokisana eo amin'ireo mpandraharaha sy mpampiasa vola miara-miasa amintsika ary hanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana dia nohatsaraina ny rinjan-tenin-dalàna mikasika ny fandraharahana na ny “loi sur les Investissements”.

Entina mampitombo ny famatsiana simenitra izay tena ilaintsika amin'ny asa fananganana fotodrafitrasa maro dia natao ny fiaraha-miasa tamin'ny sehatra tsy miankina ho fanitarana ny orinasan-tsimenitra any Ibity.

Momba ny tetikasa Taniketsa Industrialy dia miisa 75 ireo ozinina hapetraka any amin'ny Distrika samihafa manerana an'i Madagasikara. Hamaha olana roa lehibe ny Taniketsa Industrialy: (i) voalohany dia hanampy amin'ny famokarana ireo entana ilaina amin'ny fiainana andavan'andro izy ireny mba tsy hiankin-doha amin'ny fanafarana lava avy any ivelany isika, (ii) faharoa dia hampisondrotra ny fari-piainan'ny tantsaha mpamokatra satria hisy lalam-barotra no sady hiaka-bidy ny akora avy any amin'izy ireo. Ohatra amin'izany, ny fisokafan'ny ozinina mpamokatra siramamy tany Antanamifafy any Mahajanga II izay notokanan'ny Filohampirenena tamin'ny 24 Jolay 2022.

4-5 Eo amin'ny sehatry ny Jono

Nahitana fiakaranana ny vokatra na amin'ny lafiny ara-bola na amin'ny habetsahan'ny vokatra, indrindra momba ny tamberim-bidy amin'ny sehatry ny jono eto amintsika. Momba ny fanondranana ny vokatra ny jono sy ny famokarana ny atirano dia nahatratra 21 901 taonina no voaondrana ny taona 2022 izay mitentina 648 Miliara Ariary ny sandany.

Valo amby enipolo (68) no isan'ny fahazoan-dàlana hanjono ara-industrialy izay manan-kery. Sambo mpanara-mason'ny jono miisa 9 no azo, 2 ny ZEP (Zone d'Emergence Piscicole) no efa tafapetraka ao Ihorombe sy SAVA.

Nitombo avo telo heny ireo zanatrandro nozaraina, ka nahatratra 875 406 "alevins" izay notsinjaraina tamin'ny Faritra miisa 19. Ankehitriny, eo an-dalam-pankatoavana ny paikady nasionaly momba ny toekarena manga sy ny drafitra nasionaly momba ny fampiasam-bola eo amin'izany sehatra izany isika.

4.6 Eo amin'ny lafiny asa tànana

Nahavita dingana maro sy azo tsapain-tànana ny sehatry ny asa tànana. Izany dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny fanatratrarana ny tanjon'ny Filohampirenena mahakasika ny fanatsarana ny fidiram-bolan'ny Malagasy sy fanatsarana ihany koa ny fari-piainan'ny tokantrano Malagasy misehatra amin'ny tontolon'ny asa-tànana.

Dingana telo lehibe arak'izany no paikady nentin'ny fitondram-panjakana nanatanterahana izany dia (i) ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanao asa tànana Malagasy, indrindra eo amin'ny lafiny fitantanana maharitra ny fidiram-bola, ka maherin'ny 7 000 no nisitraka izany manerana ny Nosy. (ii) Teo ihany koa ny fanamorana ny fitadiavana tsenam-barotra izay nosokafana hatrany amin'ny tsena iraisam-pirenena. Izany dia nampiarahana hatrany tamin'ny fanohanana nataon'ny Minisitery azy ireo tamin'ny fampiakarana ny tombambidin'ireo vokatra ny asa tànana Malagasy. Izany rehetra izany dia nomarihana tamin'ny fandraisana anjara tamin'ny fampiratiana maro teto an-toerana sy ny tany ivelany. (iii) Isan'ny tanjona lehibe napetraka ho an'ity sehatra ity ihany koa ny fampirisihina ireo mpanao asa tànana rehetra hiditra ao anatin'ny sehatra ara-drafitra (secteur formel) hahafahan'izy ireo misitraka izay mety ho tombontsoa entina mampandroso ny asa tànana.

Telo arivo mahery (3 000) amin'izao fotoana izao ireo mpanao asa tàmàna manana ny karatra mahamatianina azy ary manodidina ny 600 kosa ireo efa tafiditra ao anatin'ny sehatry ny ara-drafitra.

Nanaovana ezaka manokana ny akora fototra izay antoky ny asa rehetra manodidina ny asa tàmàna. Mijery lavitra hatrany ny fitondram-panjakana ary mitsinjo ny faharetan'izany fototra izany, toy ny fambolena rofia, satrana, bararata, taretra izay nizara tamin'ny Faritra miisa 13.

4-7 Eo amin'ny sehatry ny fizahantany

Mahakasika ny fizahantany manokana, tafiditra ho isan'ireo firenena 5 voalohany tokony hotsidihana eo amin'ny lafiny fizahantany i Madagasikara araka ny nambaran'ny "Guid Lonely Planet" sy "Blac Tomato" ary ny "Magazine Economique Forbes". Hetsika maro no natao nahatongavana tamin'izany sehatra izany. Isan'izany ny fanatrehana ireo fampiratiana iraisam-pirenena nampahafantarana an'i Madagasikara, toy ny "WTM" tany "Londres", "TOP Resa" tany "Paris" ary ny fandraisana anjara ho isan'ny vahiny manam-boninahitra tamin'ny "salon du tourisme solidaire" tany "Colmar". Ireny fandraisantsika anjara ireny dia nentina nampahafantarina ireo orinasa izay mivarotra tolotra momba an'i Madagasikara any ivelany, ny hakanton'ny Nosy, ka hampirisika an-dry zareo hivarotra tolotra maromaro kokoa momba an'i Madagasikara.

Nisy ny fandraisana anjara tamin'ny hetsika mba ho fanentanana ny mpampiasa vola ho avy hanangana fotodrafitrasa momba ny fizahantany nandritra ny "forum des investisseurs" ny Oktobra 2022 teny amin'ny CCI Ivato sy ny "African Choiseul Business Forum" tany "Casablanca-Maroc" ny volana Novambra 2022.

4-8 Fampivoarana ny paositra sy fifandraisan-davitra

Eo amin'ny sehatry ny paositra sy ny fifandraisan-davitra, taorian'ny ezaka maro momba ny fanatsarana ireo biraon'ny paositra manerana ny Nosy dia ao anatin'ny famaranana ny dingana hametrahana ny banky paositaly isika ankehitriny. Karatra "e-poketra" miisa 70 000 no efa voatsinjara sy miasa manerana an'i Madagasikara. Ireo mpampianatra FRAM sy mpianatra eny amin'ny Oniversite no efa mampiasa izany amin'ny fandefasana ny karama ary fitsinjarana ny vatsim-pianarana.

Mitohy ihany koa ny fametrahana "Hotspots" amin'ireo toerana heverina fa tena mila izany. Miisa 103 ny toerana ahafahana misitraka sy mahazo "internet" maimaim-poana. Araka ny fanovàna napetraka dia mitohy hatrany ny fanontàna ireo bokim-pokontany misy "QR code" ho an'ny isan-tokantrano. Izany dia entina hanatsarana hatrany ny fametrahana ny haitao ara-kajy mirindra eto amintsika.

4.9 Eo amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana

Eo amin'ny lafiny fampandrosoana ny fambolena sy ny fiompiana, ny fahavitan-tena ara-tsakafo no laharam-pahamehana voarakitra ao anatin'ny velirano faha-9 nataon'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohan'ny Repoblika. Mba hahafahana manatratra izany tanjona izany, betsaka ny ezaka natao sy mbola hatao amin'ny fampiroboroboana ny sehatry ny famokarana eto amintsika.

Hafainganina ny fahafaha-mamokatra, ny fanodinana sy ny famarotana, ny fampiasana milina enti-mamokatra, ny fanamboarana na ny fanarenana ireo fotodrafitrasa amin'ny fifehezana ny rano hoentina mamokatra.

Ireto avy ireo vokatra azo tamin'ny ankapobeny:

- Roa amby ny folo sy fiton-jato sy efatra arivo sy efatra alina hekitara (44 712 Ha) ny lemaka voatondraka nohajariana sy nohavaozina.
- Nahatratra 6,64% ny fiakaran'ny vokabary. Izany hoe 4 873 796 taonina ny vary akotry azo tamin'ny taona 2021-2022 raha toa 4 570 673 taonina izany tamin'ny taom-pamokarana 2020-2021.
- Ankoatra ny fanamboaran-dàlana, teo ihany koa ny fananganana fotodrafitrasa hanamorana ny làlam-bokatra: (i) Toeram-pitahirizam-bokatra miisa 34 no voatsangana sy/na nohatsaraina. (ii) Toeram-panodinam-bokatra miisa 17 no voatsangana sy/na nohatsaraina teto amintsika.
- Tsy latsa-danja ny fanamboaran-dàlana teny ambanivohitra satria làlana mirefy 246,8 km no nohavaozina mba hahafahana mamoka ny vokatra.

Laharam-pahamehana ho an'ny tantsaha mpamokatra ny fisitrahana hanam-pamokarana zezika sy masomboly tsara kalitao manerana ny Faritra rehetra. Izany hetsika goavana izany dia mba hanalefahana ny fidangan'ny vidin-jezika sy masomboly ho an'ny mpamokatra ary indrindra ho fiatrehan'izy ireo ny taom-pamokarana izay mifanesy.

Ireto avy ireo ezaka vita momba ny fizarana hanam-pamokarana:

- Masom-bolim-bary milanja 1 305,75 taonina nozaraina tamin'ny tantsaha mpamokatra tamin'ny Faritra 2023.
- Taho mangahazo miisa 1 716 710 no nozaraina tany amin'ny Faritra Atsimo.
- Taho sy masomboly sy zanakazo miisa 7 328 209 mahery (ovy, lavanila, letchi, cacao, cafe, jirofo, canelle sy dipoivatra) nozaraina tamin'ny Faritra maro teto amintsika.
- Masomboly ampemba milanja 31 taonina nozaraina tany amin'ny Faritra Atsimo.
- Mosomboly katsaka milanja 173 taonina no nozaraina tamin'ny Faritra maro.
- Masomboly hafa milanja 270 atonina (tsaramaso, voanjo, soja sns,...) no voazara.
- Fonosana masomboly legioma miisa 295 046 (legioma, anana, sns,...) no voazara tamin'ny Faritra maro.
- Zezika mineraly milanja 1 478,4 taonina no nozaraina manerana ny Faritra rehetra.
- Zezika organika milanja 5 043,4 taonina voazara manerana ny Faritra rehetra.
- Fitaovam-pamokarana madinika miisa 54 418 no nozaraina tamin'ny Faritra 21.

Marihana fa niaraka tamin'ny fizarana hanam-pamokarana sy fitaovam-pamokarana dia nisy hatrany ny tohana ara-teknika nataon'ireo teknisiana teny ifotony. Notanterahina teny anivon'ny tanimbolin'ireo mpamokatra na tamin'ireo vala fakàna tahaka izany.

Mahakasika ny ady amin'ny valala manokana, manodidina ny 16 527 Ha no fitambaran'ny velaran-tany voafendraka fanafody nanomboka ny volana Novambra 2022, ka ny 8 630 Ha dia famendrahana an'habakabaka ary ny 7 897 Ha kosa an-tanety. Mitohy amin'izao fotoana izao ny asa famongorana valala any amin'ny Faritra voakasik'izany.

Eo amin'ny sehatry ny fiompiana indray, raha fintinina dia tahaka ireto manaraka ireto ny zava-bita:

- Samy nanaovana ezaka ny fiompiana omby, akoho, kisoa, ondry, osy, tantely tamin'ny Distrika maro manerana ny Nosy.
- Zanak'akoho tsara karazana miisa 334 665 no vokatry mba ahafahana manohana ireo mpandraharaha eo amin'ny sehatra fiompiana akoho eto amintsika.
- Zanakisoa fakàna taranaka miisa 14 303 no nozaraina tamin'ny Faritra maro. Zanakisoa fakàna taranaka mihoatra ny 27 700 kosa no omanina ho an'ny mpiompy amin'ity taona 2023 ity.
- Fitaovam-piompiana ondry aman'osy miisa 5 105 no nozaraina tamin'ny Faritra maro.
- Ondry aman'osy miisa 17 478 no nozaraina tamin'ny Faritra maro.
- Tranon-tantely miisa 4 969 no voazara.

4.10 Momba ny fanorenana trano fonenana, tanàna vaovao ary fitondrana fanavaozana ho an'ny tanàn-dehibe

Anisan'ny fanamby lehiben'izao fitondram-panjakana izao ny fanorenana trano fonenana, tanàna vaovao ary fitondrana fanavaozana ho an'ny tanàn-dehibe, ka toy izao ny vokatry efa azo:

- “Immeubles Mora” miisa 11 na “appartements” miisa 186 no vita.
- Vita koa ny «Trano Mora» miisa 786 ary eo am-pamaranana ny fanatsarana ny tontolo manodidina ankehitriny.
- Tany iray voajary=trano iray=Titra iray na OTOH (One Title One Housing), paikady nataon'ny fitondrana, natokana ho an'ireo olona tsy manana kaonty any amin'ny banky na koa tsy afaka mindram-bola amin'ireny fampindramam-bola madinika ireny mba hahafahan'ny vahoaka manorina tsikelikely ny tranony araka ny fahafahany. Tany voajary mirefy 150m² hatramin'ny 250m², tongan'ny jiro sy rano ary làlana, azo anorenana avy hatrany no atolotry ny fanjakana ho an'ny tsirairay amin'izany. Ireo izay te-hisitraka izany dia omena fe-potoana iray taona hahafahany manorina trano iray voajary izay mety ho efitra iray. OTOH miisa 561 no eo an-dàlam-pahavitana maneran'ny Nosy amin'izao fotoana izao.
- Trano fonenana mahazaka rivodoza na “Cases Traditionnelles Résistantes aux Aléas Climatiques” na CTRAC” miisa 54 no vita any Manakara ary miisa 50 no eo an-dalam-pamaranana ny ao Mananjary.

Araka ny zava-misy, nijanona tamin'ny Repoblika Voalohany ny fanavaozana sy fampivoarana ireo tanàn-dehibe teto Madagasikara. Manoloana izany anefa, tsy nitsahanitombo ny isan'ny mponina, indrindra eny an-drenivohitra rehetra. Noho izany, misy ny fanorenana tanàna vaovao, fanajariana ivon-toerana fampandrosoana vaovao sy ireo moron-dranomasina.

Ho an'ny fanorenana tanàna vaovao sy tetikasa fanavaozana tanàn-dehibe, lehibe indrindra amin'izany ny tetikasa Tanamasoandro eny Imerintsiosika-Tsimahabeomby.

Vita ny fijerena ifotony ny drafitra ankapobeny amin'ny toerana hajariana ho tanàn-dehibe any Amparemahitsy ao Mahajanga ary efa natomboka ny asa fanajariana izany.

Madiva ho vita ny tapany voalohany amin'ny tetikasa "Miami Toamasina". Vita tanteraka ny "plateforme" sy "voile en béton" amin'ny ampahany avaratra, ny kianja filalaovana "terrain mixte de compétition", ny "promenade, jardin des amoureux, skate park", zaridaina sy toerana maitso, toerana fanaovana fanatanjahan-tena ankalamanjana, kioska fivarotana sy fisakafoanana.

Hotontosa amin'ity taona 2023 ity ihany koa ny fanajariana tapany voalohany ireo moron-dranomasin'i Sambava, Farafangana, Fénérive-Est, "la Corniche Diégo" ary Mahavatse any Toliara-Seranandaka.

Ho an'ireo tanàna maro hafa, efa vita ny tapany voalohany amin'ny fanajariana Ivon-toeram-pampandrosoana vaovao, toy ny ao Ankorombe-Ambositra, Ambatofinandrahana, Alatsinainy-Bakaro, Ankadivoribe Atsimondrano, "Place motel" Libanona, Seranandaka, Kaominina Mihary Toliara, Maevatanàna, Tsiroanomandidy, Manakarabe, Miarinarivo, Antsirabe, fanatsarana ny "Boulevard Ratsimilaho" Toamasina.

Hotontosa amin'ny taona 2023 ity koa ny fanajariana ireo Ivon-toeram-pampandrosoana vaovao tapany faharoa ao Ambatomena-Fianarantsoa, Maevatanàna, Vatofotsy, Antsohihy, Ambatondrazaka, Miarinarivo, Ford-Dauphin, Antalaha, Manakara, Antsirabe.

Tetikasa lehibe hitondrana fanovàna ho an'ny tanànan'Antananarivo ny fametrahana ny fomba fitaterana an-tariby (TPC) hampitohy an'Anosy, Soarano, Antanimena, Ankorondrano, Ivandry, Analamahitsy ary Ambatobe ho an'ny zotra "orange" izay nahazo fankatoavana, fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy. Efa niroso ny fanaovana fanadihadiana ho an'ireo toerana hanorenana gara sy hametrahana "pylônes". Ny gara eo Anosy no efa natomboka ary marihana fa ny zotra "orange" dia hotontosa amin'ity taona 2023 ity.

Fotodrafitrasa lehibe ho lovain-jafy ary manamarika an'i Madagasikara manoloana ireo nosy rahavavy, reharenan'ny Malagasy rehetra no sady toeram-pihaonana goavana indrindra eto Madagasikara ny kianjan'ny Barea izay naorina araka ny fenitra irisam-pirenena. Tao anatin'izay fotoana nisokafany izay, efa nandray olona mihoatra ny 1 500 000 mahakasika ny fanatanjahan-tena, ny varotra sy fampisehoana samihafa izy. Natao hahazaka olona hatramin'ny 40 775 ny "gradins" ary ankoatr'izay, maro ny toerana fanaovana fanatanjahan-tena, anisan'izany ny "piste d'athlétisme en tartan", ny "terrain d'entraînement foot ball", ny "terrain annexes de basket ball" sy "volley ball" miisa 9, "boulodromes" miisa 9 ary koa toerana hanaovana asa, toy ny varotra izay mahatratra 57, toerana fisakafoanana ...

4. 11 Eo amin'ny lafiny fanamboaran-dàlana

Anisan'ny imasoan'ny fitondram-panjakana ny fanamboarana ny làlam-pirenena. Singanina manokana amin'izany ireto asa notontosaina sy eo an-dalam-panamboarana ireto:

- Mikasika ny fanamboarana ny arabe migodana Toamasina-Antananarivo dia miroso ny asa ary eo ampanaovana ny "libération d'emprise" amin'izao fotoana izao. Efa tonga koa ny fitaovan'ny orinasa.
- RN13 (Ambovombe-Taolagnaro) izay efa eo am-panatanterahana ny asa.
- RN13 (Ihosa-Betroka) izay efa mandeha ny tolo-barotra hanaovana ny asa.
- RN5A (Ambilobe-Vohémar) mirefy 159 km, vita tara manontolo ary efa voatokana tamin'ny taona 2022.

- RN44 (Marovoay-Vodjala Ambatondrazaka) izay efa vita tanteraka ny ampahan-dàlana Marovoay-Amboasary Gara ary an-dalam-pahavitana ny Amboasary Gara-Vodjala.
- RNS5 (Toamasina-Foulpointe-Fénéryve Est-Soanierana Ivongo) mirefy 168 km izay làlana nasiana fanamboarana sy fanatsarana eo amin'ny ampahan-dàlana maro. Mbola eo ampanamboarana ny ampahany Toamasina-Foulpointe.
- RNS5 (Soanierana Ivongo-Vahibe-Mananara Avaratra-Marantsetra) izay efa manomboka ny asa fanarenana sady fandrakofana tara ny ampahan-dàlana Soanierana Ivongo-Vahibe.
- RN12A (Vangaindrano-Taolagnaro) dia mandeha ny fanohizana ireo asa fanarenana ny Somisika sy Masianaka, miaraka amin'ny fanamboarana tetezana ao Amboenanto sy Manambondro.
- RN6 (Ambanja-Antsiranana) mirefy 231 km, efa miroso hatrany ny asa fanarenana sy famerenana amin'ny laoniny (réhabilitation et bitumage).
- RN43 (Sambaina-Faratsiho), efa vita tanteraka ny asa fanarenana miaraka amin'ireo làlana manodidina azy (voie connexe) toa an'Ambohibary-Ampetsapetsa.
- Mikasika ny fanamboarana “échangeurs” sy “fly-over” Anosizato sy ny fanamboarana làlana mankany amin'ny Tanamasoandro (VROT) mirefy 25 km dia eo am-pamaranana ny antontan-taratasy ahazoana manomboka ny asa isika izao.
- Vita ny fanamboarana tetezana ao Andranomanakova, Nahaverezambasy RN35.
- Vita ny tetezan'i Vohiposa, Manakarabe, Manambaro, Ranozaza, ny “pont radier” Manaingazipo eo amin'ny RN3A, izay nanahirana nandritra ny taona maro.
- Tsara marihana, fa efa natomboka ny fanadihadiana sy ny fanaovana ny tetikasa ho fanamboarana na fanarenana ireto làlana ireto: (i) RN2 anatin'izany ny fanatsarana ny tetezan'i Mangoro sy ny tetezan'i Antsapazana ary ny asa fanarenana, (ii) RN4, RN6, RN7 dia vita ny fanadihadiana ka hiroso amin'ny asa fanarenana isika.
- RN9 (Analamisampy-Manja) miaraka amin'ny fanamboarana tetezana Mangoky (Bevoay) izay mahatratra 880 metatra. Efa manomboka ny asa, ka ny tapany voalohany Analamisampy-Bevoay dia efa mahatratra 89% ny fandroson'ny asa. Ny mahakasika ny tetezan'i Bevoay eo amin'ny reniranon'i Mangoky dia eo ampanaovana ny tolotr'asa ny Minisitera misahana izany ankehitriny.
- RN10 (Andranovory-Ambovombe) sy RN31 (Antsohihy-Bealanana) dia efa mandeha ny fanadihadiana rehetra ary vinavinaina hatomboka alohan'ny faran-taona ny asa.
- RN23 (Mahanoro-Marolambo), nanomboka ny fanarenana sy fanokafana ny làlana mampitohy an'i Mahanoro-Marolambo, niato kely noho ny orana fa hiverina hiasa ny orinasa hamita tanteraka izany.
- Vita ny fanarenana ny làlana ao an-tampon-tanànan'i Toliara, Antsiranana, Toamasina, Nosy Be.

Farany, misy ihany koa ireo asa fanamboarana na fanarenana làlam-pirenena na làlana antanàn-dehibe na fotodrafitrasa hafa mahakasika ny làlana (ouvrages d'art) maro dia maro izay efa mandeha na mbola eo amin'ny fanaovana tolo-barotra amin'izao fotoana izao.

4.12 Eo amin'ny sehatry ny angovo

Ny angovo dia milina mampandeha sy mampihodina ny toekarena eto amintsika. Iaraha-mahita anefa ny olana mianjady amin'ny orinasa JIRAMA nandritra ny amam-polo taonany izao. Miezaka hatrany ny fitondram-panjakana ankehitriny manampy sy manarina ny orinasa JIRAMA.

Mila fitantanana madio sy mahomby, mila ovaina sy hatsaraina ny teknolojia ampiasaina, mila mifototra amin'ny angovo azo avaozina, mila manatsara ny fomba fanjifana solika ny orinasa.

Izany indrindra no nahatonga ny fanomezana ny JIRAMA milina mamokatra 105 MW izay hiodina tsy ho ela mba hamenoana ny banga ateraky ny fijanonan'ireo milina hafa izay ofaina amin'ny orinasa tsy miankina. Izay ihany koa no hametrahana tsy ho ela ny "Parc solaire" 50 MW ho an'ny JIRAMA amin'ny toerana 46 manerana ny Nosy.

Misy ihany koa ny ezaka hanamafisana sy hanatsarana ny tambazotra iraisan'Antananarivo na "Réseau Interconnecté d'Antananarivo" (RIA) mba hialana amin'ny fahatapahan-jiro matetika noho ny fahanteran'io tambazotra io. Mitohy hatrany ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny JIRAMA sy ireo orinasa tsy miankina amin'ny tetikasa "hybridation" any amin'ny Distrika maro.

Ankoatr'ireo ezaka ireo, manampy ny orinasa JIRAMA ihany koa amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa lehibe maro hamokarana herinaratra avy amin'ny rano isika, toy ny (i) Andekaleka, izay efa mamokatra 32 MW ny milina faha-4 amin'izao fotoana izao, (ii) Farahantsana, mamokatra 28 MW izay efa mandeha ny milina famokarana herinaratra nanomboka tamin'ny faran'ny taon-dasa ary fifanarahana amin'ny orinasa tsy miankina no nahavitana izany, (iii) Sahofika, hamokatra 192 MW izay efa vita sonia ny fifanarahana fifampivarotana herinaratra ary koa ny fanomezan-dàlana avy amin'ny Minisitery misahana ny Angovo, (iv) Volobe, izay hamokatra 120 MW ary hosoniavina tsy ho ela ny fifanarahana fifampivarotana herinaratra sy ny fanomezan-dàlana avy amin'ny Minisitery misahana ny Angovo.

Nametraka fanamby goavana ny fitondram-panjakana mba hametrahana hazavana eny amin'ny lalambe ary ny fitsinjarana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro, ka Distrika miisa 92 no efa nisitraka izany. Ny fametrahana jiro hanazava ny elakelan-trano iarahana amin'ny JIRAMA ihany koa dia tafiditra ao anatin'izany fanamby izany. Torak'izany, ny fanamby napetraka mba hahafahan'isan-tokantrano hisitraka jiro mandeha amin'ny masoandro ampiasaina amin'ny andavan'andro.

5. Ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana

Manana andraikitra goavana amin'ny fanatanterahana ny velirano voalohan'ny Filohampirenena ireo mpitandro filaminana telo tonta dia ny fametrahana ho laharam-pahamehana ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana eto amin'ny firenena. Efa maro ny vokatry azo avy amin'ny fanintsian-drafitra marolafy teo anivon'ny Tafika Malagasy miaraka amin'ireo ezaka maro isan-karazany teo anivon'ny Zandarimaria sy ny Polisim-pirenena ho fampandriana fahalemana ny tontolo ambanivohitra sy an-tanàn-dehibe.

Singanina manokana etoana ny fivoriana izay natao teo anivon'ny OMC-NAT tany amin'ny Faritra Alaotra Mangoro tamin'ny fiandohan'ity taona ity ary namolavolana ny paikady nentina nametraka filaminana sy fandriam-pahalemana tao amin'ny Faritra telo [Alaotra Mangoro-Betsiboka-Analamanga (tapany Avaratra, Avaratra Atsinanana)], noho ny firongatry ny tranga fakàna an-keriny tamin'ny faramparan'ny taona 2022 sy tamin'ny fiandohan'ity taona 2023 ity.

Niarahan'ny mpitandro filaminana telo tonta nialahy tao anatin'izany ny «Opération Harato» izay nampilefy ny tranga tamin'ireo Faritra voalaza teo aloha ireo.

Eo anivon'ny Tafika Malagasy, misy ny fanetsehana ireo “Bataillon” isam-paritra izay nohamafisina ankehitriny tamin'ny alàlan'ny hetsika fandriam-pahalemana «Tselatra» nataon'ireo ZDS (Zone de Défense et de Sécurité) miisa 10 manerana ny Nosy, miampy ny «Marche Manœuvre de Sécurisation Rurale» (MMSR) any amin'ireo ZDS miisa 5 dia Ankarafantsika, Tsiribihina, Pangalana, Ikopa ary Mandrare. Nohamafisina koa ny fiarovana ny sisin-dranomasina sy ny habakabak'i Madagasikara amin'ny fampiasana ny fiaramanidina sy angidimby ary ireo sambo haingam-pandehan'ny Tafika, isan'ny ezaka natao mikasika izany ny fahazoana ny angidimby «MH 130».

Hatao tanjona hatrany ny mpitandro filaminana manakaiky vahoaka. Betsaka ny ezaka vita nanamafisana ny asan'ny Tafika manakaiky vahoaka. Nisy ny fanampiana sy fanomezantànana ireo traboina tamin'ny alàlan'ny “Actions Civilo-Militaires” izay notanterahana tany amin'ireo Faritra nolalovan'ny rivodoza “Chenoso” ny volana Janoary 2023 ary “Freddy” ny volana Febroary-Martsa 2023.

Nandray anjara tamin'ny famongorana ireo andiam-balala tany amin'ny Faritra Atsimo ihany koa ny Tafika tamin'ny alàlan'ny fampiasana angidimby.

Eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena, araka ny andraikitra manokana napetraka taminy dia manao ezaka ho famongorana ny asa ratsy fahita matetika eny amin'ny tontolo ambanivohitra izy ireo.

Misy ny fandraisana andraikitra isam-paritra hiadiana amin'ny halatr'omby sy famotsiana omby halatra, hiadiana amin'ireo asan-jiolahy isan-karazany, toy ny famotsiana basy tsy aradalàna.

Singanina manokana ny ady atao amin'ny famotsiana lavanila halatra izay ametrhana sampana any amin'ny Faritra SAVA iny ary nananganana birao any Sambava koa ankehitriny. Mbola asa sahanin'ny Zandarimaria manerana ny Nosy ary tsy ikelezany soroka ny ady amin'ny fanakanan-dàlana sy ny fisorohana ny lozam-pifamoivoizana, ny ady amin'ny fanaparahana zava-mahadomelina ary ny ady amin'ny fanondranana harena voajanahary.

Nohamafisina teo anivon'ny Zandarimariam-pirenena ny paikady Tagnamaron'ny fandriam-pahalemana mba hisian'ny fifandrindrana asa eo amin'ireo manam-pahefana isan-tsokajiny mpisehatra amin'ny asa fampandriana fahalemana. Eo ihany koa ny fanentanana sy fampianarana ny vahoaka mba hanana fahatokisana ny Zandarimaria, ka hanao soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra amin'ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana.

Ho fanatanterahana ny tanjona Polisy manakaiky vahoaka dia nisy ny fanorenana fotodrafitrasa miisa 45 teo anelanelan'ny taona 2019 ka hatramin'ny taona 2023. Miisa 22 ny toeram-piasana sy fonenana ho an'ny Talem-paritry ny Polisy-pirenena no efa vita tanteraka. Miisa 16 ny komisaria voatsangana sy an-dalam-panorenana eny eo anivon'ny Distrika.

Maro tsy voatanisa ny vokatry azo tsapain-tànana tamin'ireo hetsika sy asa maro isan-karazany nosahanin'ny mpitandro filaminana isan-tokony. Eo amin'ny fiadiana amin'ny zava-mahadomelina manokana dia manao ny paikady rehetra ny tomponandraikitra isan-tsokajiny amin'ny famerana ny fidirana sy fiparitahan'ny zava-mahadomelina mahery vaika eto amintsika.

Raha ny lafiny Fitsarana no resahana dia fitsarana manakaiky vahoaka sy lavitry ny kolikoly no laharam-pahamehana ho an'ny fitondram-panjakana. Nozaraina telo mazava tsara ny fanatanterahana ny velirano fahatelo nataon'Andriamatoa Filoha, Andry RAJOELINA, dia ny: (i) Ady amin'ny kolikoly, (ii) Fanatsarana sy fanadiovana ny tontolon'ny fitsarana, (iii) Fanavaozana ny fonja isan-karazany.

Lalan-tsaina napetraka mikasika ny ady amin'ny kolikoly ny tsy fisian'ny indrafo ho an'izay minia manao izany. Mba hahatomombana ny paikady iadiana amin'ny kolikoly dia napetraka ny rafitra miady amin'ny kolikoly (CSI, BIANCO, PAC, SAMIFIN) izay nofenoina tamin'ny fametrahana rantsana miandraikitra ny fanagiazana ireo harena azo tamin'ny tsy ara-dalàna ARAI na "Agence de Recouvrement des Avoirs Illicites". Miara-miasa feno amin'ny fitsarana ireo sampandraharaha ireo.

Marolafy ary tsy latsa-danja ihany koa ny vina napetraky ny Minisiteran'ny Fitsarana mba hanohizana, hanamafisana sy hampahomby ary hampisy vokatry mivaingana ny ady atao amin'ny kolikoly.

Ireto no haroso mba hahavitana izany ezaka lehibe izany:

- Fametrahana ny PAC Fianarantsoa izay isan'ny asa voasoratra eo amin'ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly.
- Fanohizana ny fitsirihana tampoka ny Fitsarana sy ny Fonja, fikirakirana ny vokatry ny fitsirihana.
- Fametrahana tranokala fanaovana fitarainana (site de doléances en ligne).
- Hatao faran'izay haingana koa ny fanokafana ny rantsan'ny ARAI any Mahajanga sy Fianarantsoa (antennes territoriales de l'ARAI) ary koa ny hametrahana toeram-pitahirizana (sites de conservation) isaky ny Renivohi-paritany. Izany ezaka rehetra izany no hatao dia mba hanamafisana orina ny Fanjakana tsara tantana sy ny Fanjakana tan-dalàna.
- Fanamorana ny fitantanana rehetra eo anivon'ny Fitsarana amin'ny alàlan'ny haitao arakajy mirindra.

Ankehitriny, miisa 80 ireo mpianatra mpitsara manao fiofanana na "stage" eny anivon'ny Fitsarana ary miisa 100 no manaraka fampianarana na "formation initiale" ao amin'ny "Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes" na ENMG.

Manarak'izay, mitohy ny ezaka fanamboarana sy fanatsarana ny fotodrafitrasa, ka maro noho izany ireo fananganana sy fanavaozana natao mba hananan'ny vahoaka Malagasy fotodrafitrasam-pitsarana manara-penitra. Anisan'izany ny fisokafan'ny tribonaly tany Sainte Marie sy Ambilobe tamin'ny taona 2022. Efa an-dalam-pamaranana ny asa fananganana ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany any Sambava, Antananarivo Avaradrano, Besalampy, Belo sur Tsiribihina.

Manarak'izany, eo ihany koa ny fanatanterahana ny hetsika Fiaro Zo ho fampahafantarana ny olom-pirenena ny zony sy ny lalàna manan-kery, ka nandraisan'ny mpisehatra rehetra tamin'ny tontolon'ny Fitsarana anjara biriky (Mpitsara, Mpisolovava, Mpiraki-draharaha, Notera sy Vaditany).

Farany, eo amin'ny lafiny fandraharahana ny fonja, nisy ny fivoahan'ny mpiandraikitra ny fonja andiany "Joro" miisa 500 ny taona 2022. Mba hoentina hanatsarana ny tontolon'ny famonjana dia natao ny fananganana, fanamboarana ary fanamafisana ny fonja manerana ny Nosy. Notokanana tamin'ny faha-15 Aprily 2023 lasa teo ny fonjaben'Ambositra. Efa mamaramparana kosa ny fananganana fonja any Fenerivo-Atsinanana, Belo sur Tsiribihina isika. Hatomboka tsy ho ela ny fananganana fonja vaovao ao Antananarivo Avaradrano, Amboasary Atsimo, Ihosy (Ikeli-vondraka), Toamasina, Sainte Marie ary Antsiranana. Manomboka mametraka "Camps pénaux" efatra isika amin'izao fotoana izao.

6. Fampandrosoana eo amin'ny lafiny sosialy

6.1 Sehatry ny fampianarana

Eo amin'ny sehatry ny Fanabeazana fototra sy Ambaratonga Faharoa, miara-miaiky isika fa miankina amin'ireo ankizy sy tanora ary ny fanabeazana azon'izy ireo anio ny ho avin'ny firenena rahampitso. Rariny loatra raha nataon'ny fitondram-panjakana ho zava-dehibe hatrany ny mahakasika ny fanabeazana. Ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana dia mba hahatonga hatrany ireo zanaka Malagasy hanana fahazotoana hianatra sy fahafahana ary ihany koa hanana hambom-po hanovo fahalalana any an-tsekoly.

Ireto no zava-bita tamin'ny ankapobeny teo amin'ny sehatry ny fanabeazana:

- Eo amin'ny lafiny tolotra fanabeazana, nanomboka ny taona 2019 hatramin'izao dia efitrano sekoly miisa 3 062 no natsangana manerana ny Nosy. Dabilio miisa 37 936 no nozaraina ho fampitaovana an'ireo sekoly manerana an'i Madagasikara.
- Mpianatra miisa 1 262 237 miparitaka amin'ny sekoly miisa 2 994 no nisitraka sakafo an-tsekoly (cantine scolaire).
- Boky fianarana miisa 5 912 426 niampy rakibolana miisa 4 168 157 ary boky fampianarana nampanantenaina miisa 2 482 484 no natonta sy nozaraina. Nozaraina ihany koa ny "tablettes" miisa enina 6 086.
- Manodidina ny 2 000 000 ny aron'akanjo ary 400 000 ny kiraro maivana nozaraina miampy ireo "kits scolaires" miisa 1 600 000.
- Mpampianatra sy mpandraharaha miisa 35 433 no noraisina ho mpiasam-panjakana, ka ny 26 240 tamin'izy ireo dia Mpampianatra FRAM teo aloha.

Mikasika ny adidy aman'andraikitra sahanin'ny Fampianarana Teknika sy Fanofanana Arak'asa kosa no asian-teny, tanjon'ny fitondram-panjakana ny fanomezana fahalalana sy fahaiza-manao ara-teknika sy arak'asa misy kalitao sy manaraka ny fenitra ary manaraka ny vanim-potoana ankehitriny.

Natsangana any amin'ny Faritra maro ny foibe fanofanana arak'asa vaovao na CFPR (Centre de Formation Professionnelle de Référence). Hotanterahina amin'ity taona ity ny fampitaovana azy ireo mba hahafahana mandray mpianatra avy hatrany manomboka amin'ny taom-pianarana manaraka.

Efa manomboka ny asa fanorenana ivon-toeram-piofanana manara-penitra na «Centre de Formation Professionnelle d'Excellence» ho an'ireo renivohi-paritany enina eto amintsika. Vita ary hotokanana amin'ity taona ity ny ivon-toeram-piofanana arak'asa ao Antsirabe, vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'i Madagasikara sy «Maroc».

Ankehitriny, miisa 33 694 ny mpianatra ao amin'ny toeram-piofanana ho an'ny taom-pianarana 2022-2023. Nisy ny fizarana fitaovam-pianarana ho an'ny mpianatra ho fanampiana azy ireo. Nezahina ny namolavolana lasi-panofanana vaovao izay mamaly ny filàn'ny tsenan'ny asa sy ny seha-pihariana isam-paritra. Araka izany, nofanina ara-pedagôjia ny mpanofana sy ny tomponandraikitra ny toeram-panofanana mba ho tena fanofanana arakalita no homena ireo mpiofana manerana ny Nosy.

Eo amin'ny sehatry ny Fampianarana Ambaratonga Ambony, napetraka araka ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika ny fananganana Oniversite maro eny anivon'ny Faritra mba hahafahan'ireo mpianatra manohy ny fianarany any an-toerana ihany sy mba hahafahana mitrandraka sampam-piofanana mifandraika amin'ny zava-misy sy ny filàna ara-toekarena sy ara-piaraha-monina any an-toerana.

Ankoatra ireo Oniversite miisa 10 natsangana, nanangana sy nanorina tranon'ny mpianatra vaovao miisa 9 mba hitsinjovana ireo mpianatra avy lavitra.

Mahakasika manokana ny Fampianarana Ambaratonga Ambony dia afaka singanina ireto ezaka ireto:

(i) Ny fanatanterahana ny fifaninanana nasionaly "agrégation" amin'ny fitsaboana olombelona sy ny fahasalaman'ny aty vava (Concours National d'Agrégation en Médecine Humaine et en Ondoto-Stomatologie) tamin'ny taona 2022, raha toa ny taona 2015 no nisy fifaninanana farany talohan'io.

(ii) Ny fandrindrana napetraka ho fanatsarana teo anivon'ny Minisitara tamin'ny alàlan'ny haitao ara-kajy mirindra. Ny tena azo tsapain-tànana tamin'izany dia: (a) Ny fanatsarana ny foibem-pirenena fampianarana ifandraisan-davitra (Centre National de Télé-Enseignement-CNTEMAD) ho lasa "Université Virtuelle de Madagascar" (UVM) mba ho fampiroboroboana sy fanaparahana ny fampianarana ambony. (b) Ny fikirakirana ny vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra ka nahafahana nampihena ny vola very anjavony ampolony miliara maro isantaona. (iii) Ny fandraisana anjara mavitrika tamin'ny ady atao amin'ny "Covid-19" tamin'ny alàlan'ny ivon-toerana nasionaly fampiharana ny valim-pikarohana teo amin'ny sehatry ny fanafody (Centre National d'Application de la Recherche Pharmaceutique-CNARP).

Fehiny, tsara ny manamarika fa ezaka iray lehibe eto amin'ny firenena ny fametrahana lalàna vaovao tamin'ity taona ity mahakasika ny sori-dàlana ankapoben'ny rafitra fanabeazana sy fampianarana ary fanofanana eto Madagasikara (Loi d'Orientation Générale du Système Educatif à Madagascar).

6. 2 Eo amin'ny lafiny Fahasalamana

Momba ireo fotodrafitrasa ara-pahasalamana dia maro ny ezaka vita. Singanina manokana ireto zava-bita ireto:

- Tetikasan'ny Filohampirenena momba ireo CSB manara-penitra miisa 104 eo anivon'ny Distrika manerana ny Nosy no vita tanteraka amin'izao fotoana izao.

- Eo an-dalam-pamitana ireo CHCRD vaovao miisa 15 isika amin'izao fotoana izao ary tsy maintsy vitaina alohan'ny faran'ny taona izany.
- Tontosa ihany koa ny fanarenana sy fanitarana ny sampandraharahan'ny fandraisana sy vonjy taitra (ATU) ao amin'ny CHU Joseph RAVOAHANGY Andrianavalona.
- Nosokafana ny ivon-toerana fanomezan-drà miisa 23 vaovao manerana ny Nosy.
- Vita ny asa fanarenana ireo toeram-pitsaboana CHRR ary CHD maro eto amintsika.
- Nomena milina famokarana herinaratra ny CHD maro eto amintsika. CSB maro ihany koa no nahazo fitaovana manome herinaratra 3 KVA avy amin'ny masoandro.
- Fitaovana "Echographie" miisa 200 no naparitaka tany amin'ny hopitaly rehetra eto amintsika.
- Fitaovana fitarafana "radiographie numérique" sy "scanners" maro no hatolotra tsy ho ela ho an'ny hopitaly manerana ny Nosy.
- Fiara fitondrana marary miisa 70 no efa natolotra tamin'ny ampahany ho an'ireo hopitaly maro eny anivon'ny Distrika.
- Enimpolo sy roanjato "Electrocardiogrammes" ho an'ny hopitaly rehetra eto Madagasikara.

Nisy ary mbola hotohizana hatrany ny fanatanterahana ny "caravane médicale" eny anivon'ny Distrika maro eto amintsika.

6.3 Eo amin'ny lafiny mponina sy ny fampivoarana ny vehivavy

Niezaka ny fitondram-panjakana nanome tohana ho an'ny rehetra. Isan'ireo voatsimbina manokana ny zokiolona, ny zaza ary ny olona manana fahasembanana. Tao ny nahazo ivon-toerana fandraisana an-tànana manokana, fampitaovana, kopia, sakafo ary fanofanana mahakasika ny zo sy ny lalàna miaro azy ireo. Miisa 23 ny ivon-toerana voatsangana misahana azy ireo. Mahatratra 300 000 isa mahery ireo nisitraka izany fanampiana izany.

Mahakasika manokana ny fampivoarana ny vehivavy dia:

- Sivy amby ny roapolo (29) ireo ivon-toerana fihainoana sy fanomezana torolàlana (CECJ) izay vita ary nosokafana.
- Ivon-toerana miisa 5, fandraisana an-tànana manontolo ireo olona niharan'ny herisetra mifototra amin'ny mahalaky na mahavavy no efa miasa amin'izao fotoana izao. Mahatratra 89 486 ny isan'ireo olona marefo niharan'ny herisetra mifototra amin'ny mahalaky na mahavavy no noraisina an-tànana.
- Miisa 7 ny Tranombiavy efa miasa.
- Mahatratra 5 000 ny isan'ireo fikambanana ao amin'ny Viavy Miavotse, Lehilahy mandray andraikitra, Olon-kendry izay hampiana.

6.4 Eo amin'ny sehatry ny rano

Nahavita dingana lehibe koa isika raha ny famatsian-drano no resahana, indrindra ho an'ny fanovàna tanteraka ny tantaran'ny mponina any Atsimon'i Madagasikara. Vina manokan'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA ny hitondra rano fisotro madio, rano ho an'ny fambolena ary rano ho an'ny fiompiana izay tokony hositrahan'ny vahoaka Malagasy any Androy. Ny faha-22 Aprily 2023 lasa teo no natomboka ny fanamboarana fitarihan-drano goavana mirefy 97 km avy amin'ny reniranon'i Efaho mankany Amboasary ary mipaka any Ambovombe Androy. Mponina miisa 500 000 no hisitraka rano fisotro madio, tany hambolena mirefy 80 000 Ha no ho voatondraka ary hisy koa toerana fampisotroan-drano miisa 120 ho an'ny biby fiompy.

Tanàna miisa 60 ao anatin'ny Distrikan'i Taolagnaro, Amboasary Atsimo ary Ambovombe no hisitraka rano avy amin'ity tetikasan'ny Filohampirenena ity.

Mitohy hatrany ny fametrahana fotodrafitrasa hamatsiana rano fisotro madio sy fampiasa andavan'andro ho an'ny Kaominina maro eto Madagasikara.

Mihoatra ny 8 526 isa ankehitriny ireo toeram-patsakana rano madio napetraka manerana ny Nosy ary mbola hitohy izany araka ny velirano faha-2 izay misahana ny famatsiana rano fisotro madio ho an'ny rehetra.

6.5 Eo amin'ny sehatra ny fanatanjahan-tena sy ny tanora

Hetsika iray lehibe eto amin'ny ranomasimbe Indiana ny Lalaon'ny Nosy horaisintsika eto Madagasikara ny faha-25 Aogositra ka hatramin'ny faha-3 Septambra 2023 ho avy izao.

Ho fanomanana ity lalao ity, efa voatsangana ary efa miasa ny COJI, efa nisy koa ny fivoriana indroa miatoana nandraisana ny “Comité International des Jeux” ho fandrindrana sy ho fandaminana ny ara-teknika rehetra mahakasika ny lalao. Araka ny efa tapaka teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry dia samy hiahy taranja ny Minisitry tsirairay avy hanamorana ny fitantanana ny fikarakarana rehetra momba izany. Efa mandeha amin'izao fotoana izao ny asa fanamboarana na fanarenana ireo kianja rehetra handray ny sampan-dalao isantsokajiny ary ireo fotodrafitrasa rehetra mahakasika io lalao io. Efa nampahafantarina ny CIJ koa ny Zoma faha-19 Mey lasa teo ny sary fampahafantarana ary ny hira fanevan'ny lalao. Efa betsaka ny atleta Malagasy mandranto fanazaran-tena any ivelany amin'izao fotoana izao.

Ezaka natao hatramin'ny fiandohan'izao fitondrana izao ny hampitoviana lenta sy anjara ny tanora Malagasy manerana ny Nosy. Tohana maro no nomena azy ireo amin'izany, toy ny fanohanana natao ho an'ireo tanora maro ho lasa taniketsan'ny fandraharahana. Izay ihany koa no antony nanamboarana ireo fotodrafitrasa maro manerana ny Nosy, toy ny kianja manara-penitra, ny kianja mitafo manara-penitra.

Ireo fotodrafitrasa ireo no natao dia ho fitsinjovana sy ho fampiroboroboana ny tanora sy ireo mpikatroka fanatanjahan-tena manerana an'i Madagasikara mba hahafahany misokatra amin'ny any ivelany sy hahafahany handray lalao goavana ary lalao iraisam-pirenena.

6.6 Eo amin'ny lafiny Serasera sy Kolotsaina

Mandroso ireo fanatsarana ny Televiziona sy ny Radiom-pirenena Malagasy, mitohy hatrany koa ny fampitaovana ara-teknika ireo haino aman-jerim-bahoaka any amin'ny Faritra. Nitarina tany amin'ny Distrika maro hafa ny fametrahana “emetteur TV” sy fametrahana fampielezana “radio FM”. Efitra fandraisam-peo miisa 2 koa no nohavaozina tao amin'ny foibe ao Anosy.

Eo amin'ny lafiny filazam-baoao indray kosa, napetraka sy nosokafana ny foibe tranokala fiseràna amin'ny ORTM “www.ortm.mg”.

Eo amin'ny fanorenana, manohy ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa mahakasika ny kolotsaina eto amintsika, toy:

- Ny «Académie Nationale des Art et de la Culture» sy ny «Auditorium et Musée de l'audiovisuel Havoria» eto Antananarivo Renovohitra.

- Ny «Maison de la Presse» Tanamasoandro eny Imerintsiatosika.
- Ny Foibe Fikotrehana «Tosik'Art» miisa 6.
- Ny fanorenana ireo Tranon'ny Serasera sy ny Kolotsaina eny anivon'ny Distrika maro.
- Ny fanamboarana ny kianja Hira Gasy ao an-damosin'ny Tranombokim-pirenena Anosy, ka hahazaka mpijery miisa 1 000 izany.
- Ny Mozea RAINILAIARIVONY eny Amboditsiry koa dia notokanana niaraka tamin'ny fanamboarana zaridaina manodidina.

Ho fiarovana ny mpamorona sy ny zony dia mitohy hatrany ny ezaka marolafy ary ny ady ataon'ny fanjakana sy ny ratsamangaika isan-karazany iadiana amin'ny hosoka.

Fehiny: Raha nanomboka izao fitondrana tarihin'ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA izao dia nifototra tamin'ny velirano miisa 13, ka nentina natao Politika Ankapoben'ny Fanjakana izany.

Koa na teo aza ny trangan-javatra maro samihafa nolalovan'ny firenena, indrindra teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, nijoro izao fitondram-panjakana izao ary niroso tamin'ny fanavaozana marolafy. Niezaka hatrany ny Governemanta hanatratra ireo tanjona napetraky ny velireno 13. Hitantsika rehetra teo, fa na dia misy aza ny mbola tsy tontosa dia maro koa ny zava-bita na an-dalam-pahavitana satria mitaky fanamboarana sy fametrahana fotodrafitrasa manakaiky azy ny vahoaka. Ny lalan-tsaina tokony hananan'ny tsirairay dia ny fampandehanana sy fitandroana ireny fotodrafitrasa ireny. Niteraka asa betsaka sy nitondra fidiram-bola ho an'ny fianakaviana maro koa ny fanatanterahana ireo fotodrafitrasa misandrahaka any amin'ny Distrika rehetra manerana ny Nosy ireo.

Niasa, miasa ary hiasa hatrany ny fitondram-panjakana, ka tanjona tokana no zohina dia ny fampandrosoana an'i Madagasikara mba ho fitsinjovana ny tombontsoa ambonin'ny vahoaka Malagasy.

Misaotra Tompokolahy;
Misaotra Tompokovavy.

Fisaorana an'Andriamatoa Praiminisitra koa no nasetrin'Andriamatoa Mpitarika fivoriana izany taorian'ny tatitra momba ny asa vitan'ny Governemanta nataony.

Rehefa izany, nomeny lalana, Andriamatoa Praiminisitra, satria mbola maro ny adidy hosahaniny.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, Filohan'ny Vaomieran'ny fanombanana ny politikam-panjakana, ka toy izao no nambarany:
Raha ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-101, isaky ny fiandohan'ny fivoriana ara-potoana voalohany no anoloran'ny Governemanta eto amin'ny Antenimierampirenena ny tatitra momba ny fanatanterahany ny fandaharan'asany.

Raha ny zava-misy, efa madiva hifarana ny volana Mey vao natao ny fanolorana izany. Tsy hilaza izahay hoe tara izao zavatra atao izao, fa ny zava-dehibe dia ny fanaovana izany ary ankasitrahana ny Governemanta nanatanteraka azy teto.

Marihana koa, fa tsy misy antontan-kevitra voaomana sy mazava voarain'ny Solombavambahoaka mialoha mba hanatanterahana ny voalazan'ny Lalàmpanorenana hoe: arahina adihevitra ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta ary asiana fanombanana koa ny politikam-panjakana.

Fomba ahoana no ahafahana miady hevitra sy manombana raha sofina mihaino indray mandeha sy maso sambany vao mahita ho an'izay mba nizara antontan-kevitra. Tsarovy fa tsy ho anay ihany no anaovana tatitra, fa ho an'ny vahoaka Malagasy izay soloina tena eto.

Ho an'ny vahoaka Malagasy izay mila fanazavana momba ireo fampanantenana tsy tanteraka, ho an'ny vahoaka Malagasy izay tokony hahafantatra ny antony tsy mbola mahavaha ny olana momba ny "délestage", ny antony mahatara ny vatsim-pianaran'ny mpianatra eny amin'ny an-jery manotolo. Ny antony mbola iainantsika ao anatin'ny kolikoly sy ny tsy fandriam-pahalemana, ny vatosoa sy volamena mivoaka ny sisin-tanintsika.

Tatitra am-bava ve no ahafahana manadihady ny fototry ny fidanganan'ny vidim-piainanana, ny fototry ny fahasimban'ireo làlam-pirenena maro, ka manasarotra ny fivezivezen'ny olona sy ny fananany, ny tsy fanjarian-tsakafo mianjady amin'ny vahoaka maro an'isa. Tsy amin'ny antsipiriany ny fomba fiasa maneho ny fifehezana ny andraikitra sy ny fanajana ny lalàna ary ny fanomezana hasina ny vahoaka soloanay tena. Noho izany, ilaina ny fanadihadiana hanamarinana ny antonanton'ireo tetikasa nosafidin'ny Governemanta ho laharam-pahamehana ireo.

Takiana koa ny maridrefy niaingana mba hampitahana ny vokatra omena anay ankehitriny mba hahafahana manombana ny fahombiazana na tsia. Ampahafantaro anay koa ny fandanianana sy ny nenti-nanana nanaovana ny asa ary ny olana na sakana mety nandraisana fepetra ka nahatratrarana ny tanjona na tsia.

Ireo no ahafahana manara-maso sy manombana ary manome soso-kevitra ho fanatsarana ka hampahomby ny asa hatao mba ho tombontsoan'i Madagasikara.

Fanontaniana tokana no apetraka eto am-pamaranana: vita ve ny asa tsy natao nandritra ny 60 taona ary milamina ve ny tany, afa-pahasahiranana sy afaka na an-dalam-pahafahana amin'ny ziogan'ny fahantrana ve ny vahoaka Malagasy ankehitriny noho ny asa nataon'ity Governemanta ity.

Fisaorana an-dRamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay.

Rehefa izany, nomeny an'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, ny fitenenana mba hamaliany ny fanontaniana teo.

Namaly Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, fa aorian'ny fandraisam-pitenenan'ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera no hiteny ny tenany, raha mety.

Taorian'izay, nanamarika Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mifandimby manao tatitry ny asa vitany ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ka anisan'izany Andriamatoa Praiminisitra.

Ampahatsiahivina ihany koa, fa mbola hisy ny fotoana tsy ho ela hahafahana mivalapatra amin'ny fametrahan-panontaniana sy hahazoana valiny amin'ireo Minisitery tsirairay ireo.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Nambaran-dRamatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, tamin'ny satroka nataony, fa ny Lalàmpanorenana no hajaina. Noho izany, aza arovana ny Governemanta satria rehefa manao tatitra izy ireo araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana dia arahina adihevitra izany. Maninona no lazaina fa tsy misy mandray fitenenana, fa ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ihany no hanao izany kanefa misy fanamarihana tokony hataon'ny Solombavambahoaka.

Tsy nisy fihaonana teo amin'ny roa tonta tamin'ny faran'ny taona. Izany hoe, tsy nisy "questions-réponses" tamin'izany. Amin'izao indray, arovana hoe omen-dàlana fa hamonjy adidy hafa. Tsy mety ny fihaonana eto raha hihaino fotsiny ny Solombavambahoaka. Noho izany, tokony hajaina izay voalazan'ny Lalàmpanorenana.

Aleo asiana adihevitra satria misy fanontaniana maro tiana apetraka amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Satroka koa no nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, ka toy izao no nambarany: raha ny voasoratra ao amin'ny Lalàmpanorenana dia tatitry ny asa vita no atao androany. Samy mamaky Lalàmpanorenana daholo ny rehetra ary raha ny fahazoana azy, 60 andro no faharetan'ity fivoriana ity. Fanolorana aloha androany ary manaiky izahay, Andriamatoa Praiminisitra, fa mbola hisy ny "face à face" ahafahana miady hevitra lalina. Noho izany, avelao hamaky sy handinika ny tatitra aloha izahay satria efa heno sy voaray ny tatitra nataonao teo.

Tsy hanome tsiny izahay raha omena fotoana hamaky an'izany, ka rehefa tonga ny fotoanan'ny "face à face", amin'izay isika miady hevitra.

Nanao satroka, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, ka nomena fitenenana. Nambarany fa manamafy ny fanajana Lalàmpanorenana ny tenany ary voasoratra mazava fa "rapport d'activités du Gouvernement" no atrehana androany.

Rehefa nandray ny antontan-taratasy isika, tsy midika izay fa tsy hisy adihevitra. Efa mahazatra ato amin'ny Antenimierampirenana ny adihevitra, kanefa misy fotoanany ny fanaovana izany.

Nanao soso-kevitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera aloha no manao fanamarihana raha misy izany. Izay angamba no azo atao, satria mazava ny voasoratra ao amin'ny Lalàmpanorenana hoe: manao tatitra ny Governemanta, mandray ny antontan-taratasy isika ary mandinika izany. Rehefa tonga ny fotoana anaovana «face à face»; amin'izay, samy omena fahafaham-po daholo.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philibert, fisaorana an'Andriamatoa Praiminisitra tamin'ny tatitra nataony no voalohan-teniny.

Mazava ny tatitra natao teo; manana fotoana koa ny Solombavambahoaka ahafahana mandinika azy satria hisy ny fametraham-panontaniana rehefa tonga ny fotoana hanaovana an'izany.

Manamafy ny voalaza teo izahay, aleo omena làlana, Andriamatoa Praiminisitra, hamonjy adidy hafa raha mety.

Mankasitraka izahay ary vonona hitsikera koa na eto na any amin'ny haino aman-jery izay efa mahazatra ny fanaovana izany. Rehefa tonga ny "face à face", aleo atao vonona tsara ny fanontaniana sy ny fanankianana entinareo, fa izahay dia mbola manamafy ny fiarovana an'izao fitondrana izao.

Nanao satroka Andriamatoa TOVONDRAÏ RETSANGA Brillant De L'Or, ka nanome fitenenana. Nambarany fa mankasitraka ny tatitra natao teo ny tenany.

Variana ianao, Andriamatoa Mpitarika fivoriana; miala tsiny amin'ny hoe: anjaran'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera no tokony hiteny. Nisy niresaka taminao ve satria efa nisy nandray fitenenana teo tamin'izy ireo.

Aleo tsenaina ampirahalaliana ny raharaham-pirenena, iray ao anatin'ny fahasamihafana isika, tongasoa ny lafin-kery rehetra na ny mpanohitra na ny mpomba na ny tsy milaza ny heviny. Afaka mihaino ny rehetra, satria Praiminisitra ny rehetra izy, Praiminisitra ny vahoaka Malagasy iray manontolo ihany koa.

Mbola nanao satroka koa, Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore, ka nomena fitenenana. Nambarany fa hamaky ny voalazan'ny Lalàmpanorenana mikasika ny tokony hisian'ny adihevitra ny tenany. Toy izao no voalazan'ny "article 101": «A la première session ordinaire, le Gouvernement présente à l'Assemblée Nationale un rapport annuel d'exécution de son programme.

La présentation sera suivie d'un débat portant sur les résultats des actions du Gouvernement et l'évaluation des politiques publiques».

Efa vitan'Andriamatoa Praiminisitra, ny anjarany mikasika an'izay.

Araka ny «article-102» manao hoe: «Les moyens d'information du Parlement à l'égard de l'action gouvernementale sont la question orale, la question écrite, l'interpellation et la commission d'enquête».

«Moyens d'information» ao ambadiky ny fanolorana ny tatitra ny fametraham-panontaniana voalaza ao amin'io andininy faha-102 io. Lapan'ny demokrasia ato, ka ataovy ny fankankavitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa manaiky hatrany izahay.

Tamin'ny satroka nataon'Andriamatoa DARKHAOUI Siritis dia nambarany fa Lapan'ny demokrasia tokoa ato amin'ny Antenimierampirenena, ka araka ny fanao, aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana hanapahana hoe inona no hataontsika fa lasa mihodinkodina fotsiny ny resaka.

Taorian'izay, namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa efa eny am-pelan-tànan'ny Solombavambahoaka ny "rapport d'activités" teo. Efa nitondra fanazavana am-bava, Andriamatoa Praiminisitra, tahak'izay koa no hataon'ireo Minisitry. Ampahatsiahivina ihany koa fa mbola hisy fotoan-dehibe hivantana amin'ny fahitalavitra sy ny haino aman-jerim-panjakana momba ny fametrahan-panontaniana arahim-baliny.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory momba ny hanomezana làlana taorian'ny tatitra nataon'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta na ny hisian'ny adihevitra.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 35 no nanaiky fa homendàlana ny Praiminisitra.

- Solombavambahoaka miisa 7 kosa no nilaza fa tokony hisy adihevitra -

- Solombavambahoaka 3 no tsy nilaza ny heviny -

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa omen-dàlana hamonjy adidy hafa, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Fiarovam-pirenena, hanao ny tatitry ny asa vitan'ny Minisitry iadidiany.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa RAKOTOARIJAONA Josoa, Minisitry ny Fiarovam-pirenena:

Andriamatoa Filoha,

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,

Isika mpikambana ao amin'ny Governemanta,

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara,

Ianareo mpanandraharaha sy mpiasan'ny Antenimierampirenena,

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa,

Ianareo olona manan-kaja ambony sivily sy miaramila izay tonga manatrika eto araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Araka ny nametrahana ho laharam-panamehana ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana dia tomponandraikitra feno amin'ny fanatanterahana izany ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena.

Natao ho vaimpandraharaha izany manoloana ny fivoarana sy ny ambana izay misy ankehitriny eo amin'ny lafiny fandriam-pahalemana. Noho izany, nitondra fanitsiana ny tetikasa sy tetikady ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena tamin'ity taona vaovao ity ary manaraka hatrany ny rafitra napetraka nanomboka tamin'ny taona 2019 izany.

Nohamafisina ny fiaraha-miasa akaiky tamin'ireo mpiantsehatra rehetra amin'ny FDS (Forces de Défense et de Sécurité).

Nojerena manokana ny fanohanana ny vahoaka amin'ny sehatra sosialy sy ny fampandrosoana satria ny tanjona iombonana dia ny fanakaikezana kokoa ny vahoaka mba hisian'ny fihariana ary ny fampandrosoana azo antoka.

Toy izao ny tatitry ny asa vitan'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, izay mitsinjara ho 5 lehibe:

Voalohany: ny fandraharahana sy ny rindran-damina ho an'ny politikam-piarovana.

Faharoa: ny lafiny fandriam-pahalemana sy fiarovana.

Fahatelo: fiaraha-miasa amin'ny sivily sy miaramila na ny antsona hoe: "Action Civilo-militaire".

Fahaefatra: fanamafisana sy fahaiza-manao ara-miaramila.

Fahadimy: fiaraha-miombon'antoka amin'ireo sehatra samihafa.

Mahakasika ny seha-pitantanana sy ny teknika ary ny fandraharahana ara-bola, hatreto dia mahatratra 32% ny tahan'ny fampiasam-bola ho an'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena.

Eo amin'ny sehatry ny fandraharahana sy ny lalàna, novinavinaina hapetraka ny fanitsian-drafitry ny fitsarana ara-miaramila na "réforme de la justice militaire". Vao tsy ela akory, nisy atrik'asa natao ho fanombohana ny fanatanterahana izany.

Mikasika ny fandrindran-drafitry ny tafika na ny "restructuration de l'armée" dia ao anatin'ny "phase d'évaluation" isika izao. Izany hoe, avy any ambany no manao tatitra; nanao ahoana ny fanovàn-drafitra, nety sa tsy nety. Raha tsy nety dia inona no azo atao.

Eo amin'ny fanentanana ho amin'ny toe-tsaina mandala ny fandriam-pahalemana sy ny fitiavan-tanindrazana. Asa roa lehibe no nisongadina tao anatin'izay fotoana izay.

Voalohany: ny fankalazana sy fahatsiarovana ny faha-76 taonan'ny 29 Martsa 1947 sy ny fitsarana miaramila atao amintsika miteny izao.

Ny tanjona ao anatin'ireo hetsika ireo dia mba hanehoan'ny tsirairay am-po amin'ireo tia tanindrazana sy ireo mahery fon'ny 1947. Ankehitriny, mbola misy 361 no velon'aina soa aman-tsara amin'izy ireo. Mbola mitohy ny asa hatramin'izao; tsy inona izany fa ny fanolorana solom-body akoho avy amin'ny Filohan'ny Repoblika, ny "panier garni" avy amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena.

Eo amin'ny resaka fitsarana miaramila kosa, ezahana hatao any amin'ny Distrika miisa 119 izany ary hatreto, miisa 172 000 ny karatra maitso efa voazara ary miisa 63 189 ny "certificat de pension militaire" nozaraina.

Ny tanjona amin'izany dia fanentanana ireo tanora lahy sy vavy hanefa ny adidiny ho an'ny fanompoam-pirenena izay atao hoe tamberin'adidy no anarany.

Eo amin'ny famatsiana fitaovana sy ny momba ny fandriam-pahalemana, notoloran'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika sady Lehibe faratampon'ny Foloalindahy angidimby vaovao isika, antsoina hoe MA-130 ny anarany izay novidiana tamin'ny "Airbus". Natao ho an'ny Tafika Malagasy izany, hampiasaintsika mianakavy ary efa miasa sy mbola miasa izy ankehitriny.

Nahazo fitaovana famotohana basy avy amin'ny "Nations Unies" koa isika mba hamotohana ireo basy tsy ara-dalàna.

Fahatelo, nahazo fitaovana fandidiana ho an'ny zaza ny Hopitaly miaramila, avy amin'ny ONG atao hoe "La chaîne de l'espoir" izy io. Mandeha miandalana ny fampitaovana amin'izao fotoana izao.

Manaraka, ny resaka fandriam-pahalemana izay mampikaikaika antsika mianakavy. Maro ny "mission de sécurisation" natao raha tsy hiresaka ny tamin'ity taona ity isika. Nisy ny atao hoe: "Opération HARATO" izay notanterahina tany amin'iny Faritra Alaotra iny. Fantatrareo tsara, fa nanjaka tany ny resaka "kidnapping" ary mbola mitohy izany hatramin'izao.

Tao koa ny "Opération TSELATRA" izay nanomboka tamin'ny volana Martsa teo, ka mitohy amintsika miteny izao. Singanina manokana amin'izany ny ZDS (Zone de Défense et de Sécurité) any Ankarafantsika, Tsiribihina, Pangalana, Ikopa ary Mandrare.

Nisy ny vokatra azo ka ny omby very dia miisa 1 266 ary ny 1 034 amin'ireo no efa tafaverina amin'ny tompony. Izany hoe, raha atao ny salan'isa, 81% eo ho eo no tahan'ny famerenana. Ny takalon'aina dia miisa 17 tamin'ireo 19 no efa tafaverina. Talohan'ny nidirana tamin'ity efitrano ity dia nahazo tatitra izahay, fa ny roa avy ao Anjozorobe dia efa votsotra tamin'ny maraina teo. Izany hoe, miisa 19 amin'ny 19 izany no avotra amin'izao fotoana izao. Azo tsapain-tànana sahady ny fihenany tahan'ny tsy fandriam-pahalemana tamin'ireo ZDS dimy ireo. Izany akory tsy midika, fa natao ambanin-javatra ny ZDS dimy ambiny, fa mitohy foana ny asa. Ireo aloha no hita fa nafanafana tao ho ao, ka nametrahana miaramila foana isan'andro.

Mikasika ny fandriana fahalemana amin'ny tontolo an-drenivohitra kosa, manatontosa fisafoana miaramila na «patrouille de police militaire» isika hatramin'izay ka hatramin'izao.

Manana fiaramanidina isika dia ny angidimby araka ny ilazana azy, izany no ampiasaina ary efa nampiasaina tamin'ny "Opération HARATO" sy "TSELATRA". Mbola mandeha ireo "Opérations" ireo amin'izao fotoana izao ary natao ho fisafoana sy nakàna sary. Nahavita 138 ora ireo fiaramanidina kelintsika ireo hatreto ary ny angidimby kosa, 36 ora hatramin'izay nisian'ny asa.

Momba ny fanaraha-maso ny fari-dranomasina eo anelanelan'Antsiranana sy Nosy Be, izay faritra tena anjakan'ny fiondranana an-tsokosoko dia nokendrena manokana ary notanterahan'ny sambo atao hoe "Malaky" tao amin'ny tobim-pari-dranomasina Antsiranana ny asa. Ny vokatra azo tamin'izany dia nisy sambo mpanjono 2 tsy ara-dalàna no tratra tamin'iny faritra avaratra andrefana iny. Tantsambo miisa 18 no nezahana novonjena tamin'iny fari-dranomasin'i "Seychelles" iny satria rendrika ny sambo nitondra azy ireo. Raha totaliana, nahavita enina andro an-dranomasina ireo sambontsika ireo teo amin'ny lafiny "SARA" na «search and rescue».

Eo amin'ny vonjy voina manoloana ny loza voajanahary, tamin'ny fandalovan'ny rivodoza "Cheneso" sy "Freddy" dia nandray anjara tamin'ny vonjy voina tamin'ny Faritra maro ny «corps de protection civile».

Ireto ny Faritra nanaovana izany: Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Matsiatra Ambony, Menabe, Amoron'i Mania.

Fitsaboana maro no natao tamin'izany ary nantsoina hoe: "Manafana 2023". Niasa tamin'izany ny dokotera tsotra, "Médecin général" sy ny «Dentiste» avy amin'ny Tafika Malagasy. Raha jerena dia miisa 2 308 ny olona nisitraka izany «consultation» izany.

Raha jerena tato ho ato, nirongatra ny valala ka nandray anjara tamin'ny famonoana izany tany amin'ny Faritra Atsimo koa ny Tafika. Efa tafiditra aty amin'ny Faritra Afovoany izany amin'izao fotoana izao, ny angidimby no mamono izany. Marihana fa 23 ora ny sidina efa vita tamin'ny asa natao. Tsy mijanona ny asa fa mitohy ary ny valala koa tsy mbola maty hatreto.

Momba ny fanazaran-tena indray, notanterahina tamin'ny fiandohan'ity volana Mey 2023 ity ny fanazaran-tena niarahana tamin'ireo firenena manamorona ny ranomasina Indiana na ny COI (Commission de l'Océan Indien) ny «Manœuvre Internationale d'Ivondro», izay atao any amin'ny Faritra Atsinanana. Nanao fanazaran-tena koa ny Tafika an-dranomasina, izay natsoina hoe: «Coutelas Express» niaraka tamin'ireo mpiara-miombon'antoka sy ny firenena manodidina antsika.

Tsy latsak'izay ny fiofanana samihafa antsoina hoe "Détachement d'Instruction Opérationnelle" na DIO. Maro ny nahazo tombontsoa tamintsika malagasy satria raha ny tafika no tsy manao fanazaran-tena dia tsy misy tokony hilàna azy loatra. Betsaka ny zavatra atao amin'ny fanazaran-tena, ao ny resaka "commando", ny «explosif», ny «combat». Ny «stage d'aguerissement commando» dia mandeha tsy tapaka ny eny Ambatolaona.

Misy koa ireo fiaraha-miasa amin'ny «accord de convention» maro natao. Singanina manokana amin'izany ny fiaraha-miasan'ny FDC sy ny QMM amin'ny fiarovana ny "site" izay misy tombontsoa iombonana. Izay no antsoina hoe «gagnant-gagnant», mba mamatsy fitaovana kely antsika izy ireo ary isika koa miezaka manao ny asantsika andavan'andro ho fanampiana azy ireo.

Misy koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny APMF (Agence Portuaire Maritime et Fluviale) sy ny «Etat Major»-n'ny Tafika izay miompana indrindra amin'ny fampiasana fitaovana sy olombelona amin'ny lafiny sisin-tany, ny famonjena olona, ny fiarovana ny tontolo iainana an-dranomasina na an-dranomamy.

Izay no tatitry ny zava-bitan'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena izay noezahina nahohezina.

Misy fiangaviana aroso ity raha mety amintsika: isika rehetra izao no tokin'ny olombelona, indrindra fa ny Solombavambahoakan'i Madagasikara. Iangaviana isika mba hanentana ny tanorantsika. Ny antony, be loatra ny zavatra ataon'ny tanorantsika satria tato ho ato, misy ny resaka «rôlô» sy ny fidorohana zava-mahadomelina.

Koa iangaviana ianareo mba hanentana amin'ny fomba rehetra ny zanatsika mba tsy hiroboka amin'io satria anisan'ny mahatonga ny tsy fandriam-pahalemana eto amin'ny firenena izany.

Manarak'izay, mbola fanentanana ihany satria ireo dahalo ireo tsy akory, araka ny fantatra dia tsy olona nilatsaka avy any an-danitra, fa zanatsika Malagasy. Misy maty zanatsika izay Malagasy ihany, indrindra ny eo anivon'ny tafika, ny zandarimaria ary ny polisy. Raha tsy hiteny afa-tsy ny tafika fotsiny aho, efa 2 sahadry izay no lavo tao anatin'ny telo volana. Koa miangavy antsika mianakavy mba hanentana ny zanatsika.

Misaotra antsika naharitra nihaino.

Taorian'izay, fisaorana no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana an'Andriamatoa Minisitry ny Fiarovam-pirenena tamin'ny tatitra nataony.

Rehefa izany, nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomena fitenenana.

Nambaran'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, fa efa nisafidy ny Solombavambahoaka hatrany am-boalohany fa hatambatra amin'ny farany daholo ny fandraisam-pitenenana satria halefa aloha ny tatitra. Rehefa voaray izany dia manangona ny antontan-kevitra ny Solombavambahoaka tsirairay izay manana fitenenana sy ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera izay vao miroso amin'ny adihevitra tokony hatao ny rehetra.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa handraisana fanapahan-kevitra izay soso-kevitra izay.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, ny Solombavambahoaka rehetra no nandany.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy misy ny fametraham-panontaniana na fanamarihana, fa hiroso amin'ny tatitra hataon'ny Minisitry manaraka ny fivoriambe.

Taorian'izay, nomena an'Andriamatoa Minisitry ny Filaminam-bahoaka ny fitenenana hanaovany ny tatitry ny asa vitan'ny Departemanta iadidiany.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa RANDRIANARISON Fanomezantsoa Rodellys, Minisitry ny Filaminam-bahoaka raha nandray fitenenana:

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Rahalahy mpikambana ao anivon'ny Governemanta;

Ianareo Solombavambahoaka namana, manatrika etoana;

Isika tomponandraikitra rehetra manatrika izao fivoriana izao;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ny eto anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka dia manao tatitra mikasika ny asa notontosaina ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, nanomboka ny taona 2019 ka hatramin'izao taona 2023 izao.

Raha ny Polisim-pirenena, ho fanatanterahana ny asa nampanaovina anay hoe: Polisim-pirenena manakaiky vahoaka dia nanomboka tamin'ny fametrahana fotodrafitrasa izahay. Miisa 45 ny fotodrafitrasa vita tamin'ny taona 2019-2023.

Marihana, fa efa nisy taratasy famintinana eny an-tànantsika eny izay misy ny zavatra tokony holazaina.

Ny Talem-paritra miisa 22 dia nahavitana fitaleavam-paritra daholo ary eo an-dalana ny fanamboarana ny an'ny Faritra faha-23 vao najoro fotoana vitsy lasa izay.

Ankoatran'izay, nisy ny fitokanana an'ireny fotodrafitrasa ireny, ka ny 9 no efa notokanana ary ny 13 kosa miandry ny fanaovana izany ankehitriny.

Manarak'izany, anisan'ny ezaka atao ny fametrahana "commissariat" eny anivon'ny Distrika. Efa misy ny vita, misy ny eo an-dalam-panatanterahana azy. Miisa 16 no isan'ny "commissariats" eny anivon'ny Distrika no efa vita tanteraka, ka ny iray tao Sainte-Marie aloha no notokanana, fa miandry ny fitokanana azy ny ambiny.

Misy koa ireo fampanantenana nataon'Andriamatoa Filohampirenena izay miisa 7 ka efa eo an-dalam-pananganana izany amin'izao fotoana izao.

Tsara ny manamarika, fa rehefa mivoaka ny tolo-bidy amin'ny fanamboarana ireny "commissariats" ireny, tsy mihoatra ny efa-bolana dia vitanay ny manangana biraon'ny "commissariat".

Eo amin'ny fampitaovana kosa, miisa 16 ny fiara azonay ary naporitaka teny anivon'ny Distrika izany; miisa 277 ny "motos" novidiana sy fanomezana. Tao anatin'izay, ny fanomezana avy aminareo Solombavambahoaka tamin'ny alàlan'ny CIAD, izay isaoranay be dia be tokoa satria tena manampy tamin'ny fifamoivozana sy ny fanaovana vonjy taitra izy ireny.

Raha ny resaka fampitomboana ny isan'ny polisim-pirenena indray, hatao inona tokoa ireo fitaleavam-paritra vaovao ireo raha tsy misy olona hiasa. Anisan'ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana ny fanaovana fifaninana hidirana ho polisy. Fifaninana miisa 4 no tanteraka tamin'izay fe-potoana izay ary miisa 2 500 ny polisy noraisana tamin'izany. Ny roa voalohany no nivoaka, efa eny am-perin'asa ary mbola any ampiofanana kosa ny andiany roa ambiny.

Raha ho an'ny taona 2019 ka hatramin'ny taona 2022, nisy ny vokatry azo. Nataonay tao anaty fenitra vaovao ny baikon'ny polisim-pirenena hoe: polisim-pirenena miaro sy manampy vahoaka.

Raha miisa 4 017 ny omby very, ny 2 114 tamin'ireo no tafaverina tamin'ny tompony. Izany hoe, maherin'ny 62%-n'ny omby very no tafaverina raha ny fitarainana azo teo anivon'ny polisim-pirenena no jerena.

Mikasika ny olon-dratsy kosa, miisa 1 462 no voasambotra ary ny 255 tamin'izy ireo dia nifanehatra tamin'ny polisy ary tsy afaka nanao ny asa ratsiny intsony.

Olona miisa 45 no avotra teo am-pelan-tànan'ny paka an-keriny ary 7 tamin'ireo dia olona varira.

Momba ny fitaovam-piadiana indray, basy miisa 394 no tratra teny amin'ny jiolahy ary bala miisa 931 no niaraka tamin'izany. Nisy ihany koa fahatratrarana "dynamites" miisa 17.

Raha eo amin'ny fidorohana zava-mahadomelina, rongony milanja 14 287 kilao sy ny rongony 26 gony ary nisy fonosana 218 no tratra.

Ny zava-mahadomelina mahery vaika (drogue dure) kosa, mihoatra ny 3 kilao no tratra. Tsara ny manamarika, fa omaly dia nisy fidinana faobe nataonay teny Itaosy, ka nisy Afrikana miisa 6 mpamatsy an'izany no nahatratrarana "drogue" mahery vaika teo amin'ny 3 kilao teo. Tsy mbola ao anatin'ity tatitra anio ity izay zavatra izay satria ao anatin'ny fanadihadiana isika ankehitriny.

Mikasika ny lavanila, milanja 3 972 kilao ny lavanila maitso tratra sy nogiazina.

Raha ny herisetra amin'ny mahalaky sy mahavavy na ny resaka VBG dia miisa 8 856 no voavaha ny olona tamin'ireo fitarainana miisa 11 293 voaray. Manome ny taha 78% ny fahafahana niady tamin'io herisetra mahalaky sy mahavavy io.

Momba ny raharaha fandikan-dalàna tamin'ny tambazotram-pifandraisana, miisa 1 582 no voarain'ny polisim-pirenena ary teo amin'ny 800 no isan'ny olona voarohirohy tamin'izany, ka nanaovana fanadihadiana.

Ho fiarovana ny harenan'i Madagasikara kosa, sokatra miisa 286 sy hazo sarobidy isan-karazany miisa 193 no tratra.

Raha ny momba ny hazo sarobidy isan-karazany, milanja 5 044 Kg no tratra, raha taolambalo milanja 990 Kg kosa no sarona.

Izay no fintina momba ny asa mivaingana tato anivon'ny polisim-pirenena nandritr'izay fotoana izay. Raha misy ilàna ny antsipiriany, vonona izahay handray anareo any amin'ny birao na hamaly izany an-taratasy ihany koa.

Isaorana anareo tamin'ny fihainoana ny tatitra nataonay, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Fisaorana an'Andriamatoa Ministry ny Filaminam-bahoaka no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay sady nanome fitenenana ihany koa ny Solombavambahoaka nanao satroka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, nambarany fa ny Minisitra telo mirahalaky manao tatitra androany no tena ilain'ny Solombavambahoaka. Noho izany, iangaviana izy ireo mba hametraka laharan'ny finday raha azo atao sady tokony hisokatra tontolo andro sy tontolo alina ny findain'izy ireo. Ny antony, maro ny "alerte" misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Rehefa akaiky fifidianana tahaka izao dia mirongatra ny asa ratsin'ny jiolahy. Aza matory andro, aza matory alina ianareo ary rehefa antsoina mba raiso ny antson'ny Solombavambahoaka azafady.

Taorian'izay, nomena fitenenana indray, Andriamatoa Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, mba hanao ny tatitra momba ny asa vitany.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa GELLE Serge, Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena (SEG), tamin'izany:
Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena,
Ianareo namana mpikambana ao amin'ny Governemanta,
Ianareo Solombavambahoaka namana rehetra,
Omem-boninahitra isika rehetra,
Miarahaba antsika rehetra.

Misaotra sy mankasitraka antsika rehetra sahady nanome sehatra ahafahana miteny ny zavatra kely vita. Mba tsy hiasa jamba rafozana satria ny kely vita no kolokolina ahafahana manatsara azy.

Raha raisina ny tatitra nataon'Andriamatoa Praiminisitra teo, ao amin'ny pejy faha-17 dia misy paragrafy roa mikasika ny Zandarimaria. Hiainga amin'izany ny fanazavana ary hanome tarehimarika, hanome ohatra sy tranga hoe nidina sa niakatra ny zava-misy. Hametraka vahaolana hiarahana isika taorian'ny nihaonana teto tamin'ny taon-dasa.

Tsy misy fotoana tsy ahenoantsika isan'andro hoe faty olona atsy, faty olona aroa. Mizara roa ireny olona maty: misy ny olona tsara, misy kosa ny olon-dratsy saingy olona Malagasy izy ireo. Izay indrindra no manahirana ny fitondrana firenena satria tsy avy any amin'ny planeta "Mars" ny olona no tonga, fa zanatsika ihany. Midika izay raha atao ny tsoa-kevitra, fa misy andraikitra goavana ho an'ny tsirairay ao anatin'izany.
Androany aloha, ny "conjugaison" nampianarin'ny vazaha dia miatomboka amin'ny "je", ny ahy aloha no hoteneniko.

Iaraha-mahafantatra fa ianareo Solombavambahoaka no tena mahita ny zava-misy any antoerana, eny fa na any amin'ny toerana tsy nahalany anao satria mivezivezy isika. Miaiky ny ato amin'ny Zandarimariam-pirenena, fa mbola tsy lavorary ary mbola lavitra raha ny marina satria raha mijery an'ity fafana ity isika, maro no miakatra. Amin'io "statistique" io no jerentsika mba hahafahana mametraka fanontaniana amin'ny fotoana hihaonana amin'ny andro mahamety an'izany.

Tiana ny milaza aty am-boalohany satria mahatsapa izahay, fa rehefa mandeha manao "tournée" dia tsy azon'ny olona loatra ny andraikitra ny Zandarimaria, indrindra ny rafitra misy ao anatiny.

Maninona aho no miteny an'izany. Ilangaviana ianareo Solombavambahoaka mba hitondra an'izany any amin'ny vahoaka satria raha misy tsy azo, lasa mivaona amin'ny tokony ho izy ny zavatra atao. Raha diso ny adiresy, miverina any amin'ny mpandefa ny zavatra iray. Ny tiana hotenenina, ny Zandarimaria dia rafitra na hery Miaramila. Voalaza ao amin'ny "article-1" amin'ny "décret n°63-253 du 9 mai 1963" izany. Zavatra 3 no vaolazan'io "article 1, alinéa 1": inona ny Zandarimaria. Hery miaramila iray izy.

Faharoa, inona no asany. Roa goavana no asany. Voalohany fisorohana, tahaka ny hoe “gardien” izany raha mbola tsy vaky ny trano, ohatran’ny hoe “vaccinateur” raha mbola salama ny olona. Izay no mahatonga hoe mpitandro filaminana. Ny filaminana no tandrovina ary 60%-n’ny asanay dia izay dahalo ary itambarana amin’ny polisy izany. Ny mahatonga ahy miteny an’izany, matetika isika rehefa nahazo olona nangalatra dia tratra iny olona iny, indraindray aza voatifitra ny dahalo dia lazaina fa vokatra tsara izay. Tsy tsara noho ny iray teo aloha izay, fa ny tena tsara dia tsy nahavita nangalatra izy fa voasakana. Izay no antsoina hoe: “résultat préventif”. Mora am-pitenenana izany, fa sarotra tanterahina. Hanome ohatra iray antsika aho, mikasika ny vakisinin’ny “Covid-19”, “Janssen”, “2 Euros” no vidiny. Mora satria voaaro ianao ao anatin’ny 6 volana ary manao “rappel” rehefa avy eo. Voamarina ny tenin-drazantsika manao hoe: aleo misoroka toy izay mitsabo.

Misy fanontaniana apetraka ity ary tsy voatery hovaliana, fa samia mieritreritra. Iza no miteny, manana porofo ve isika fa mora ny nahazoana an’io vakisiny io. Izaho manambady Betsileo ary ny Betsileo miteny hoe: “efa be ro hitanao”. Mora izany “2 Euros” izany, voaaro ny olona iray saingy iza no miteny fa tsy nandany vola amina miliara vao nahita azy. Nandany rondoha maro, nandany fotoana maro, olona maro no niasa nandritry ny fotoana naharitra vao hita an’iny vakisiny iny. Raha ekentsika izay “hypothèse”-ko izay, lafo ny fisorohana na hoe: “la prévention est chère”. Mila miray hina isika, mila zavatra maro mba tsy hangalaran’ny olona. Hatramin’ny fampianarana, ny fitaizana any an-tokantrano tafiditra ao anatin’ny koa ary izay no mahagoavana ny resaka fandriam-pahalemana satria mila “base” sy “socle”.

Tsy azo “quantifié”-na ny vola. Raha any amin’ny fambolena, ohatra hoe manomboka amin’ny 3 taonina isaky ny hekitara ny voka-bary. Nampiasa olona iray mahay isika, nanao ny asany izy dia nitombo iny zavatra iny ary lasa 5 taonina isaky ny hekitara. Mazava ho azy, fa misy elanelana 2 taonina izany, fandrosoana izay. Azo kajiana ny vola lany tamin’izany, azo atao tarehimarika izay. Ho an’ny “mathématicien”, tonga dia mivoaka ho azy ny “logaritme” sy ny “exponentielle”.

Mametraka fanontaniana amintsika aho hoe: azo atao an’izay ve ny fandriam-pahalemana. Ohatra, manana omby ny Solombavambahoaka TOVONDRAÏ RETSANGA Brillant De L’Or any Midongy; eo am-pangalarana ny ombiny ny dahalo dia tratra ary aterina any amin’ny fitsarana. Ohatrinona izay “action” izay, asa raha tafavoakan’ny “mathématicien” izay raha atao “chiffre”, sarotra ny mikajy azy.

Ny asan’ny Zandarimaria voalohany, tsy manenjika mpangalatra fa misakana ny halatra tsy hitranga. Ohatra ny hoe misakana ny aretina tsy hiditra amin’ny vatan’ny olombelona ary raha tafiditra ao dia tratran’ny vakisiny. Izany hoe, ny fahasalamana no manakaiky azy kokoa, ny “gardien” no manakaiky azy kokoa.

Fahatelon’ny “mission” dia ny tanjona. Amin’io “article 1” io, ny tanjon’ny “mission” dia tsy “mission” fa na ny olona ao aminay aza mampifangaro azy. Hafa ny asa, hafa ny tanjon’ny asa. Ny asa dia io noteneniko io hoe fisorohana. Ny asa faharoa dia fanenjehana. Tonga dia mivoaka ho azy ny asa lehibe dia ny ao amin’ny solotenam-panjakana, ny ao amin’ny Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana izay mampiasa anay amin’ny alàlan’ny “police administrative”, hatramin’ny “police des eaux et forêts”, misy koa ny “police de salubrité publique» amin’io rano maloto io. Misy izany lalàna izany, io fisotroana toaka io mbola any izany lalàna izany saingy efa somary hadinodino.

Faharoa, izay tokony ho kelikely. Tokony ho kelikely saingy mitsimbadika izany amin'izao fotoana izao satria feno ny fitsarana. Maro ny hadisoanay amin'io ary miezaka ny manarina an'izany izahay amin'ny alàlan'ny fampianarana.

Ny fanenjehana, iza indray no tompon'izany. Ny tompon'ny fanenjehana dia ny "procureur". Izy no tena tompon'ny asa, fa izahay ampiasaina. Indraindray ny zavatra avy any aminay tsy mety aminy dia raisiny tahaka ny "renseignement" rehetra.

Ny tanjona dia mba ho voaaro ny olona raha ohatra ka ny "résultat" no tenenina. Mba ho voaaro iza. Ity toerana misy antsika ity izao dia ao anatin'ny Andrimpanjakana izany.

Manaraka, ny olombelona, isika rehetra sy ny fananantsika. Ao anatin'izay ny fananan'olon-tokana sy ny fananana iombonana. Mino aho fa efa tonga saina iny ranamana nanimba fananana iombonana roa andro lasa iny. Tsara ny ahalalana izany ary aiza ho aiza ny aho amin'izany.

Izay no amaranana an'iny voalohany iny ary hiditra amin'ny manaraka isika izao.

Taloha tsy nisy SEG fa COMGEN na "Commandant de la Gendarmerie Nationale" no nisy. Izay no lehibe faratampon'ny Zandarimaria. Mazava ho azy fa ao anatin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena izahay satria miaramila; miaramila aloha izy vao zandary. Rehefa manao fitsidiham-paritra ianareo, tokony hiaraka aminareo izahay hanazava an'izay. Tsy voatery tafaraka anefa noho asa sahanina.

Iza no mibaiko ny Zandarimaria. Mazava ho azy tsy ny SEG, satria indraindray isika voafitaka. Ny "Commandant de la Gendarmerie" no mibaiko ny zandary. Izy no lehibe mibaiko satria any aminy daholo ny antontan-taratasy rehetra na ny ahy aza any aminy. Inona izany no ilàna ny SEG. Rafitra natao tato aoriana io, taty amin'ny taona 1996 vao nisy ny atao hoe SEG, fa najanon'ny Filohampirenena teo aloha kely nandritra ny fotoana fohy ary naverina indray rehefa avy eo.

Inona no ilàna azy. Napetraka mba hanamora zavatra vitsivitsy amin'ny alàlan'ny asa ny SEG. Hanamora ny "contrôle" satria mety mavesatra loatra amin'ny Ministry ny Fiarovam-pirenena izany na dia eo aza ny Sekretera Jeneraly. Sekretera Jeneraly mantsy no toeran'ny Zandarimaria teo aloha tao amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena.

Indraindray mifangaro ary izao no mampifangaro azy: raha misy Solombavambahoaka miteny amiko hoe misy zavatra tahaka izao any amin'ny toerana iray mikasika ny zandary. Tsy maintsy manamarina aloha ny tenako, raisiko iny, atao ny fanaraha-maso.

Tsara ampahafantarina hoe rehefa miala avy amin'ny "Commandant de la Gendarmerie" dia iza no manaraka azy, ny "Commandant de Circonscription" na ny «Commandant CIR», miisa enina izy ireo. Miala avy aminy dia ny "Groupement" izay miisa 23; miala amin'ireo dia ny "brigade" eo amin'ny 600 mahery eo. Izany hoe, saika antsasaky ny Kaominina no manana azy, avy eo ny "poste avancé" izay kelikely. Ao amin'ny "brigade" ihany no lehiben'ny "poste avancé". Ny "brigade mère" no mandrindra ny asan'ny "poste avancé" rehetra. Nalefa alohaloha kely izy noho ny haratsin'ny làlana, noho ny halaviran'ny toerana, fa "brigade" no tena ao anatin'ny lalànantsika.

Mankasitraka anareo Solombavambahoaka aho, fa mametraka ny SEG amin'ny maha Raiamandreny azy. Koa na tsara na ratsy ny zava-misy any aminareo, ny Raiamandreny no tsy maintsy maheno voalohany ary izay no nanjo ahy tao ho ao izay. Fantatro ary ekeko, ka ifonana mihitsy. Ny zanakao lasa manao hadalana, mitifitra olona any Ikongo. Enga ka handeha tsara ny fanadihadiana ary ny olona hitsara azy koa hitsara araka ny tokony ho izy fa tsy hanafoana ny zava-misy.

Inona no tokony hataontsika raha hita ny voka-dratsin'ny famonoana olona. Inona no nahatonga an'izay. Avy tamin'inona io, izay vao voavaha ny olona.

Mikasika ny tatitra, ahitana pejy miisa 8 izany. Ny voalohany, momba ny fanazavana ankapobeny. Raha ny pejy faha-3 no jerena, ireo no zava-bita nandanian'ny zandarimaria ny vola nomena azy. Fantatrareo tsara ny vola satria any aminareo ny antontan-taratasin'ny tetibola noliana tato.

Matoky tena ny zandarimaria fa tsy nivilivily ireo vola ireo. Io ny «Brigade d'Unité Spéciale de secteur vanille» any Sambava. Efa lasa lavitra ny asa vita. Izany hoe, ato ho ato vao haloa ny volany, saingy ireo sahadry ny asa vitany. Jereo hoe manao ahoana ny kalitaon'ny trano namboarina. Raha sendra misy zavatra tsy mety, antsoy ny SEG fa hojerena miandalana izany.

Ny fanitarana ny trano fianarana any Ambositra, voakasika tamin'ny fanamboarana koa ny "brigade"-n'i Marolambo, tsy simban'ny rivodoza, fa efa antitra loatra, ka niraraka hatramin'ny biriky mihitsy aza. Tokony ho tao anatin'ny namboarina izy io tamin'ity taona ity, saingy tsy ampy ny vola satria manamboatra ny "brigade" ao Mahanoro isika. Efa nalefa ny fangatahana. Mino aho fa tsy maintsy hojeren'ny tomponandraikitra ara-bola izay mba hampitomboana ny vola hahafahana manao azy.

Ireo zavatra telo ireo no fampiasam-bola nomena ny zandarimaria tamin'ny taona 2022 ary azo hamarinina izany.

Ao amin'ny pejy fahaefatra no manomboka ny valiny an-tsoratra satria efa novaliana ambava ny mikasika azy ireo. Somary elaela ihany teny amin'ny CCI Ivato saingy natao an-tsoratra ka hohitanareo izay nametraka fanontaniana ny valiny satria pejy 2 latsaka kely izany ary «poste avancé» no ankamaroan'ny voalaza ao.

Raha tsara ny fitadidiako, «postes avancés» miisa 60 no nangatahan'ny Solombavambahoaka tamin'izay. Izao no nambarako tamin'izany: tsy mila mangataka akory ianareo, satria ianareo mihitsy no nametraka ny vola tao anatin'io. Nanambara aho tamin'izay fotoana izay hoe ho avy ny "LFI 2023" dia ho hita eo. Nampiano hoe: aza manangan-tànana ianareo raha tsy hitanareo ao vola ny hamboarana an'ireo «postes avancés» ireo na dia tsy izy rehetra aza, fa alefa araka ny laharam-pahamehana. Ohatra, ny "compagnie" namboarina tamin'ny faran'iny taona lasa iny, "compagnie" miisa roa no namboarina dia ny an'Ilkalamavony sy Ambosary Atsimo. Nitovy ny naotin'izy ireo rehefa nampidirina ho «critère d'éloignement, taux de criminalité» ary ny isan'ny mponina sy ny halaviran'ny toerana. Noho izany, tsy maintsy namboarina. Izany hoe, tsy azo apetrpetraka fotsiny izy ireny, fa arakaraky ny vola misy ary tsy hoe avy any Fenoarivo-Atsinanana aho dia hametrahako "compagnie" ao Vavatenina.

Indramiko ny ohabolam-bazaha izay nadikako malalaka amin'ny teny malagasy hoe: ny vehivavy tsara indrindra eran-tany dia tsy afaka manome izay tsy ananany. «La plus belle fille du monde ne peut donner ce qu'elle a». Averina etoana hoe mba jereonareo manokana ireo “postes avancés” ireo satria ilaina any ambanivohitra, saingy tsy misy vola hanamboarana azy, fa izay laharam-pahamehana hatrany no antsangana mialoha.

Manantena aho, fa ianareo mbola ho eo ary izahay mety tsy ho eo satria olom-boatendry, ianareo kosa olom-boafidy. Mbola ho eo ianareo amin'ny faran'ity taona ity raha ohatra ka hanao «Loi de Finances Initiale» amin'izay fotoana izay. Izany hoe, aza hadinoina ny mijery ny momba ny “poste avancé”.

Manomboka amin'ny pejy faha-6,7 ary faha-8 kosa ny antontan'isa mikasika ny asa. Maneho izany ny “tableau de bord” ilazana hoe tsara ve ny vokatry azo momba ny halatr'omby. Ireo ny tarehimarika ary azo amarina sy azo andefasana olona hijery azy satria azo lazaina ho an'ny daholo be izany fa tsy misy zavatra afenina.

Manarak'izay, mikasika ny “tableau” faharoa dia ny famotsiana omby. Misy omby maloto ao matoa fotsiana. Hita amin'izao fa 40%-n'ny omby very dia tsy hita avokoa. Milaza miaramahita, fa tsy manondrana omby intsony isika. Noho izany, tsy mivoaka any ivelany ny omby, fa lanintsika eto an-toerana. Mino izahay fa misy Solombavambahoaka mpahay toekarena ato, koa mba manandrama manontany an'ireo mpiompy omby ireo hoe: mivarotra omby isan-kerinandro ve ianareo. Tonga dia tsia no valiny, satria nahoana, ny omby no bankiny. Mivarotra omby iray na roa isaky ny telo volana izy amelomany ny vady aman-janany, ividianany sira sy solika fandrehitra. Raha izay daholo no ataon'ny mpiompy omby, miakatra any amin'ny “150 000 Fmg” any ny vidin'ny iray kilao amin'ny henan'omby raha ambany indrindra. Amin'izay fotoana izay, fantatra indray fa hitokona ny eto an-tànan-dehibe. Izany hoe, sahy mijoro aminareo izahay, fa misy omby halatra be dia be io hanintsika eto an-tànan-dehibe io, eny fa na any amin'ny Kaominina any ambanivohitra aza. Any Matsiatra Ambony izao, misy tsenan'omby marobe isan-kerinandro, tsy araka izy ireny satria maninona. Misy zandary miray tsikombakomba amin'ny mpamotsy omby. Betsaka no efa tratra ary mbola mitohy ny fanadihadiana ho an'izay mahasahy.

Izahay kosa tsy manome taratasy raha omby tsy mazava no hitanay. Natao ny “concept” tany Fianarantsoa tamin'ny taona 2014, “lutte contre le blanchiment de bœufs volés” no niantsoana azy. Raha nahatsikaritra isika tamin'ny taona 2021, volana Septambra-Oktobra-Novambra, talohan'ny loza nahazo ahy iny, raofina fotsiny ny omby any anaty ala any. Tsy fantatra ny tompony hoe iza. Ny antony, tsy nanome taratasy ny olona tokony hanome izany. Natahotra izy ireo satria betsaka ny olona naiditra am-ponja. Ny olona mpanome taratasy no tiana lazaina amin'izany. Tsy hanonona anarana izahay, fa anjaranareo no mahalala hoe iza ny olona mpanome taratasin'omby.

Fantatsika izany, firenentsika ity satria nisy “ordre de poursuite” nomen'ny mpanome an'izay ary voalazan'ny “code de procédure pénale” koa izany. Nijanona tsy nanome taratasy ireo olona ireo, avy eo mazava ho azy fa nirongatra indray ny halatr'omby. Tsy manilika andraikitra aho, fa milaza ny zava-misy. Ho an'izay miteny fa tsy marina izany, iangaviana izy hanome hoe ity no porofo tsy mahamarina azy satria aty amiko no misy ny fanamarinana izany ary zavatra mitombina no voalaza sy voasoratra ato.

Raha ny zava-nisy farany teo, ny omby avy any Ambalavao sy Beroroha dia manao boky beloha izy ireo. Izay no filaza an'io boky io. Karazana bokin'omby ataon'ny tomponandraikitra saingy tsy misy omby, kanefa iny no amoahana ny omby. Tsara ny fisian'ny FIB (Fiche Individuelle de Bovin) satria mitovy amin'ny karapanondrontsika izany. Tsara saingy raha atao diso ny «renseignement» ao anatiny, lasa karapanondro diso izany no misy. Tsy ho tratra mihitsy ny olona manao an'izany satria lasa madio izy kanefa olona tsy madio. Izay no sary anankiray.

Manarak'izay, eo amin'ny fanadiovana (blanchiment); resaka “phénomène” io zavatra io ary nitarina tamin'ny resaka basy mihitsy aza. Raha eto Madagasikara, ny “Néron” irery ihany no mivarotra basy, fa raha hividy ianao dia mankany andafy. “Vente libre” ny “2^e et 3^e catégorie”, manana alàlana ianao vao mahazo ary misy «facture» sy mandoa «douane» rehefa hampiditra azy eto an-toerana. Vitsivitsy ihany izany, fa ny basy «dominion arme griselimague», «fusil à pompe» io sy ny basy «dominion cougar» izay tena betsaka eny ampelan-tànan'ny dahalo lazaina fa niova fo ireny dia tsy misy «nomenclature» fantatry ny Minisiteran'ny Atitany mihitsy. Izany hoe, niditra an-tsokosoko daholo ireo karazana basy ireo. Hoy ianareo hoe: nahoana no tsy voasakanareo izany. Eny, misy ny tratra fa mbola be koa no tsy tratra. Tsotra ny antony: telo volana na efatra volana lasa izay, novorianay sy Minisitry ny Fiarovam-pirenena teto ireo Zandary miasa any amin'ny Distrika sy any amin'ny Faritany izay antsointsika hoe “défense”. Zandary ireo olona ireo ary izahay no mitantana azy. Raha resaka basy, ny Minisiteran'ny Atitany no mampiasa azy, fa tsy izahay. Izany hoe, ny Lehiben'ny Distrika. Nomena fiofanana indray mandeha izy ireo. Ny antony, rehefa nojerena ny basy voasoratra tao anatin'ny herin-taona, taona 2022 ohatra, 3 000 no isany ary rehefa nojerena ny basy namidin'ny “Néron” dia miisa 500 monja. Mipetraka ny fanontaniana hoe: avy aiza ny basy miisa 2 500 ambiny izay nahazo taratasy. Niditra an-tsokosoko. Raikitra izany ny «lutte contre le blanchiment d'armes» ary ireo basy ireo dia tokony ho lasa fananam-panjakana. Nantsoina teto ireo Zandary marobe ireo ary manamboninahitra daholo izy ireny. Miandry isika amin'izao hoe aiza ho aiza ny vokatry ny fiofanana. Ho avy izahay sy ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena hiteny azy ireny hoe: mbola manao ny ataonao foana ve ianao.

Niasa tany Vangaindrano aho tamin'ny taona 1991, tamin'ny toerana nisy an-dRemenabila any Ihazoabo. Roalahy izahay, nisy dahalo miisa dimy nitondra omby niaraka tamin'ny lefona sy famaky; raha vao nahita anay ry zareo dia nitsoaka. Amin'izao fotoana izao, noho ny firongatry ny basy, eny na ny basinay miaramila aza, efa any amin-dry zareo. Tsy mahamenatra ny miteny an'izany, mila iadiana ny zavatra sahala amin'izany.

Vao iray volana lasa izay, raikitra indray ny «concept» fanintelony izay nahafaty olona maro eran'i Madagasikara. Taloha ny dahalo mangalatra omby fotsiny fa tsy mamono, amin'izao kosa mamono mahafaty mihitsy izy ireo.

Sady milaza ny zava-misy aho no milaza ihany koa ny ezaka natao. “Lutte contre le blanchiment de motos volés”. “Phénomène” anankiray tena namono olona betsaka koa izany tato ho ato. Tany Toamasina no nanombohana azy, mankany Faradofay indray amin'izao fotoana izao. Angalarina ny “moto” ary ovaina ny laharany sy ny vatany. Mafana be any Faradofay amin'izao fotoana izao raha izay no resahana ary efa am-polony koa ny “motos” tratra.

Miomàna isika eto Antananarivo, fa tsy maintsy hilahatra indray ny olona voasambotra amin'ny halatra “moto” ary azo antoka ny hisian'izany. Ireo «motos» marobe amidy ireo dia “frappe” daholo ny “numéro de série”-ny.

Mazava ho azy koa ny «lutte contre le blanchiment de vanilles volées». Ity no tena lehibe indrindra satria rehefa miroak'ahitra sy misotro rano ny omby dia hita maso, tsy azo atao anaty paosy. Ny lavanila kosa miondrana any andafy, fantaro fa “un pour mille” ihany no fanjifantsika ny lavanila. Noho izany, tsy manjifa firy isika raha ny marina. Izany hoe, raha misy lavanila firy taonina very, nankaiza izany. Naondrana any andafy daholo. Mbola resaka taratasy ihany ny famoahana izany. Izay no antony itenenana hoe: rehefa tsy tokony homena taratasy dia tsy manome aloha ny tomponandraikitra na zandary io na olona hafa. Rehefa tsy tokony hanome ianao kanefa manome dia tafiditra ao anatin'ny lalàna mandrara izany na «interdit». Rehefa tokony homena kosa, omeo satria «obligation» izay. Lasa mamotsy zavatra tsy tokony ho fotsy isika. Mandeha ny afera ataon'ny olona, ka mirongatra izany rehefa avy eo.

Eo anatrehan'izany, betsaka ny vokatra ary efa eny am-pelan-tànanareo ny isa.

Raha mijery ny «vol de bœuf» ao amin'ny pejy faha-6 isika. Ohatra, ny «cas de vol» nisy tamin'ny taona 2020, miisa 1 030 ny halatr'omby manerana an'i Madagasikara. Taona 2022, miisa 488 sisa ny halatra niseho. Nihena izany saingy mbola halatra ihany no iantsoana azy ary nahafaty olona koa. Ny olona maty dia ny fokonolona ary dahalo miisa 124. Omena ny isa satria ny «djihadisme de shael» dia mahafaty olona miisa 600 tao anatin'ny telo taona. Ady no iantsoana izany, fa ny eto amintsika nahatratra 1 880 ny isan'ny olona maty tamin'ny taona 2016 hatramin'ny taona 2018. Ireo no isan'ny olona maty tao anatin'ny telo taona ary tao anatin'izay koa ny dahalo sady izy ireo no betsaka. Mbola zanatsika ihany ireo kanefa “sécurité intérieure” no ilazana azy.

Misy famonoan'olona marobe izany ary na ny an'ny mpitandro filaminana aza misy maty araka ny tenin'Andriamatoa Minisitra teo. Taloha anefa, tsy nisy maty, fa amin'izao kosa misy izany tranga izany. Ny antony, ny “phénomène” basy izay mila anaovana ezaka lehibe ary angatahana fiaraha-miasa amintsika rehetra ny fanaovana azy.

Izay no fomba fijerena ny “tableau” teo. Inoana fa tsy sahirana ianareo, hitanareo teo fa nidina sa tsia ny isa. Raha nidina, nisy asa vita izany tao, nisy fanatsarana ihany koa. Raha niakatra ny isa, tsy nahomby izany ny zavatra natao.

Izay no mahatonga ahy miteny hoe: ny SEG no hitan'ny olona; 38 taona no niasako tao amin'ny zandarimaria. Mba nanompo ny SEG teo aloha aho, ka maninona rehefa izaho no SEG, lasa tsy miasa ny sasany. Noho izany, tsy maintsy andraisana fepetra izy ireo. Ianareo no hijery azy, efa maro no niteny tamiko ary fantatry ny mpiara-miasa izany. Raha tandrify anao, satria “Commandant CIR” ianao, rehefa mitete ny tranonao dia miakara ao ambony dia jereo izay mampitete azy. Maninona ny «Groupement» ao Antsirabe no milamina ary maninona ny «Groupement» sasany no voateny matetika. Tsy maintsy esorina izy satria tsy miasa. Zavatra hafa no mety ataony kanefa ompa anabavy no mahazo ny SEG. Izaho no Raiamandreny dia zakaina, tsy maintsy mandray andraikitra. Izay no angatahana fanomezan-tànanana avy amintsika.

Mitohy ny «statistique» amin’ny «rubrique» omby io ihany. Somary mahavaivay ny “acte de banditisme”, misy ny “attaque sur l’axe routier”.

Ao amin’ny pejy faha-7, mitohy ny «kidnapping», izahay tsy mihambo fa raha ny farany teo, azo lazaina hoe maromaroa ny tahak’izay. Ireny no tena mahomby, Andriamatoa Minisitra. Ny “opération HARATO” no tiana tenenina amin’izany. Azon’ny harato tany anaty ranomasina aho ary ny mpanjono trondro no lasa mpanjono olona. Noho izany, haiko tsara io harato io; hitantsika tsara ny nampahomby azy tamin’ny Faritra maromaro, toy ny tany Alaotra-Mangoro, Analamanga, Betsiboka ary Analanjirofo. Ny manahirana antsika hatramin’izao dia Andilamena izay tena anaty masonry mihitsy.

Momba ny «stupéfiant» na ny zava-mahadomelina, raha jerena ny tamin’ny taona 2022, ny «quantité saisie» dia 6,628 taonina. Mety tsy hino ianao satria betsaka izany, rongony (cannabis) ireo. Nisy 600 Kg kosa tamin’ny faran’ny taona 2021 izay «cocaïne de base» no tratra. Mbola hita taratra ihany izany taty aoriana, ka nampigadra olona marobe, tao ny vahiny, ny teratany, ny tanora, ny antitra. Io no avadiny ho “rôô” amin’izao fotoana izao. Milanja 600 Kg no tratra tamin’izay talohan’iny loza nahazo ahy iny. Maro no niteny hoe “mafia” no namely ny SEG, androany aho miteny aminareo fa tsy misy idiran’ny “mafia” iny. Olana tahaka ny fitrangan’ny loza rehetra no niseho, fa tsy izany tsy akory.

Nisy tamin’ireny no navadika ho “rôô” satria 600 Kg no tratra ary natao tao anaty gonin-tsiramamy. Ataovy “fois dix” izay dia mahazo 6 taonina rehefa azo «consommer»-na.

Saika haondrana tany “Italie” ireo rongony ireo ary tokony handalo tany “Le Havre” saingy nandositra tany “Maurice”. Nambenan’ny Amerikana tao ny mpanondrana an-tsokosoko, ka nivily taty Madagasikara dia iny tratra iny ary nisy nafenin’ny sasany tao amin’ny seranan-tsambo. Nisy mpiasam-panjakana nitazona andraikitra tratra tamin’izany. Ny zavatra tsapa, mbola maro ny ankizy no mitsindrona “rôô” amin’izao fotoana izao, ka mitarika tsy fandriam-pahalemana.

Betsaka ny vokatry azo momba izany ary teny Ankatso dia ohatra nivaingana mihitsy. Gaga aho hoe ahoana no tsy ahitan’ny “Croua” fa ny tranon’ny mpianatra tena lasa “luxe” be, misy fiara 4x4 mijanona isaky ny harivariva, kanefa izy no tomponandraikitra ny filaminana eny Ankatso. Ny «franchise universitaire» fantatra fa masiaka be, soa ihany fa tratra izany ary rava; nisy «laboratoire» kely mihitsy tao Ankatso tao tamin’izay fotoana izay.

Mikasika ny lavanila sy ny “ressource naturelle” ny manaraka. Efa fantan-dRamatoa Minisitra teo aloha sy ny Minisitra amin’izao fotoana izao izany, fa 70%-n’ny vokatry azo sy kirakirain’ny MED (Madagascar Entreprises Développement) amin’ny «trafic de ressources» dia avy amin’ny zandarimaria, polisy ary ny tafika daholo satria izy ireo no mahita ny làlana. Fiaraha-miasa izay ary fantaro fa miisa 900 ny zandary tsy miasa ao aminay, fa miasa any amin’ny Minisitera hafa. Ao anatin’izany ity Andrimpanjakana ity.

Tsy ampy ny isan’ny zandary, kanefa raha esorina tsy hiasa eto an-drenivohitra izy ireo, inona no zavatra hitranga amin’ny tanàn-dehibe. Raha ny tena marina anefa, ny zandary dia miasa any ambanivohitra, fa ny polisy no etỳ an-drenivohitra satria izay no “standard international”. Andao handramana ao anatin’ny herinandro fotsiny izany raha tsy mino ianareo. Izany hoe, na ny isan’ny polisy na ny isan’ny zandary dia mbola tsy ampy. Mbola manana “Gap” 4 500 ny zandary amin’izao fotoana izao. Raha androany isika no mahazo an’io isa io dia afaka miaina tsara.

Mandray zandary miisa 1 500 isan-taona isika. Marina izany saingy mba fantatrarao ve ny isan'ny mody isam-bolana sy isan-taona isaky ny «promotion». Farafahakeliny 400 isa no mody, ankoatran'ny nigadra sy niala an-tsitrapo satria nahita asa tsaratsara ankoatran'ny nitsoaka an-daharana.

Notaizana tato amin'ny zandary nandritra ny 38 taona aho, mbola nitangorona an-tànan-dehibe izy tamin'izany. Noho ny resaka “maintien de l'ordre” sy ny resaka grevy anefa dia tsy afa-manotra isika. Hezahina anefa ny hanamboatra an'izay tsikelikely ary mety tsy ho izaho intsony no eto, fa izay handimby ahy eo.

Ny fangatahana farany dia momba ny Tafa na ny “Tagnamaron'ny Fandriam-pahalemana” no tokony hohatevenina. Izay no napetraky ny Filoha Ratsimandrava Richard hoe aleo asiana ny alaolana. Aleo mba midina ny Solombavambahoaka sy ny tomponandraikitra ato amin'ny zandary sy ny «force» hanentana ny olona amin'izay zavatra izay. Efa maro ianareo no manao an'izany, ka isaorana antsika satria nahitam-bokatra ny toerana nanaovana izany.

Mankasitraka Tompokolahy;
Mankatolina Tompokovavy.

Fisaorana no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ho an'Andriamatoa Sekreterampanjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, na somry lavalava aza ny fanolorana ny tatitra nentiny satria nahalalana zavatra maro tao anatin'ny.

Taorian'izay, nanome satroka ny Solombavambahoaka nangataka izany ny tenany.

Raha nanao satroka Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, nambarany fa mahafinaritra satria hita ao anaty tatitra ny anarany tamin'ny fitokonana nitaky ny fialan-dRamatoa Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina teny amin'ny «palais des sports».

Fanampin'izay, tsy tafiditra ny anarany rehefa niantso ny SEG tamin'ny 3 ora, maraina, rehefa nanenjika an'i “Aris” izay jiolahy nikoizana. Isaorana anareo fa maty voatifitra ihany izy, saingy mbola misy anankiray tavela any hatramin'izao.

Fijoroana vavolombelona ny manaraka: Andriamatoa Minisitry dia mandray telefona hatrany na amin'ny firy na amin'ny firy no iantsoana azy. Niantso vonjy izahay satria nisy mpangalatr'omby tany Ankazobe, tonga ny zandary, nandefa olona izy. Toy izany koa ny Minisitry nanao tatitra teo aloha. Manome fisaorana manokana ho anao izahay.

Farany, misy hafatra hampitahina amin'ny SEG satria mbola tsy afaka mody any Ambolotarakely ny olona niharan'ny herisetra tamin'ny asan-dahalo satria matahotra ny ainy. Eo anatrehan'izay, ny Ben'ny Tanàna tsy mandray ny andraikiny hatramin'izao. Noho izany, mangataka ny hijerena ny momba azy ireo izahay.

Fangatahana fihaonana maika amin'Andriamatoa Minisitry ny Fiarovam-pirenena sy ny SEG kosa no satroka nataon'Andriamatoa TOVONDRAÏ RETSANGA Brillant De L'Or, aorian'izao fivoriana izao raha azo atao. Izay no nanaovany satroka.

Ho an'Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth kosa tamin'ny satroka nataony, nangataka fanazavana momba ny "ordre de jour" rahampitso sy ny afakampitso ny tenany. Ny antony, handalo any Fianarantsoa Andriamatoa Filohampirenena, ka tsy maintsy mankany ny Solombavambahoaka avy amin'izany Faritany izany. Ny «rapport d'activités» anefa mitohy hatrany, azo ahemotra amin'ny herinandro ambony ve ny zavatra tokony hatao ny Alakamisy sy Zoma raha mety.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy maintsy misy namana mihaino ny tatitra, ka izy ireo no mampita aminao ny momba izany.

Taorian'izay, fisaorana ny Minisitra mirahalaha sy ny SEG nifandimby nanao ny adidiny teto amin'ny Antenimierampirenena no namaranany ny teniny.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany. Koa anio amin'ny 3 ora, tolak'andro, mbola hitohy ny fivoriambe hanohizana ny fihainoana ny tatitra hataon'ny mambra ao amin'ny Governemanta, ka ny Minisitry ny Raharaham-bahiny no hanatanteraka izany.

Niato tamin'ny 12 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpiatrika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona